

MIARINARIO

4

NIFAMPITIFITRA NY ZANDARY SY IREO DAHALO,
IRAY MATY VOATIFITRA, BASY IRAY AZO

MARINA IZANY !

6

MALAZA RATSY !

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7833 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 28 martsa 2024

CHRISTINE RAZANAMAHASOA

6

"TSY MANARAKA NY FENITRA ARAKA NY LALANA
NY FOMBA NITORIANA AHY ENY AMIN'NY HCC"



29 MARSA 1947-77 TAONA

7

MBOLA TSY FANTATRA
MAZAVA NY MARINA

BLACK NADIA, AYAM...

3

KIANJA BAREA
AMBIANSY
" HAUTE
VOLTAGE "



RIVODOZA GAMANE

5

ANALANJIROFO SY ATSINANANA
OLONA 6 NAMOY NY AINY,
1 TSY HITA POPOKA

Telma

M'Ora⁵⁰⁰

MIRESAKA FOANA, ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

500 Ar
ANTSO MANKANY @TELMA SY NY TAMBAZOTRA HAFY MANAN-KERY I ANDRO
• 25 SMS • 25 Mo

TSINDRIO NY #322*20#

GCL 762/25-24



Mampifandray
@ireo havanao maneran-tany

Mandraisa vola avy any ivelany ao
@compte MVola



* PARTENAIRES *

Orange Money Europe

Western Union

MVola

Capital Services

PAYSEND

Holo

MoneyGram.

PayPal

MVola
GCL 763/13-12

Fiahiana ara-tsosialy ho an'ny mpiasa tena - Vakinankaratra

4 500 Ar isaky ny ankohonana ny latsakemboka

Mbola hitohy amin'ireo distrika hafa ny hetsika fampahafantarana ifotony amin'ny resaka fiahina ara-tsosialy.

Tohir'ny dingana voalohany tamin'ny tolo-kevitra natao tao Antsirabe ny 21 Febroary lasa teo. Miditra amin'ny dingana faharoa amin'ny fametrahana ilay fanitarana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ireo mpiasa tena ny eo anivon'ny

Ministeran'ny Asa, ny Fampananan'asa ary ny Asam-panjakana. Araka izany, dia nidinana ifotony nampahafantatra sy nanome fanampim-panazavana mikasika ny fiahiana ara-pahasalama sy ny fisotoan-dronono ary ny volan-jaza ao amin'ny CNAPS tamin'ireo an'ireo mpiasa tena, toy ny mpamboly sy ny mpiompy tao amin'ny faritra Vakinakaratra izy ireo mba hahafan'ireo mpiasa tena misitrakan'ny zofeno amin'ny fiahiana ara-tsosialy.

Distrikato telo no nanombohana ny asa (Antsirabe I, Antsirabe II ary Mandoto). Raha ho an'ny faritra Vakinankaratra manokana dia tapaka fa 4 500Ar isam-bolana, isaky ny ankohonana ny latsakemboka atokana hitsinovana ny fahasalam'an'izy ireo. Nilaza ny fahafam-pony amin'izao tetikasan'ny fanjakana izao moa ny tantsaha mpamokatra sy mpamboly tany an-toerana. Mbola hitohy amin'ireo distrika hafa ity ny hetsika fampahafantarana ifotony

Niry R.

amin'ny resaka fiahina ara-tsosialy volavolain'ny Ministeran'ny Asa, ny Fampananan'asa ary ny Asam-panjakana sy ireo mpiara-miasa toy ny (OIT), ny CNAPS, ary fikambanana. Nomarihin-dRtoa Ramaroson Cristelle, Tale Jeneralin'ny Asa, fa faritra 8 no hanaovana izao hetsika fiahiana ara-tsosialy ho an'ny mpiasa tena izao mandritra ny roa taona, ka i Vakinakaratra no natao faritra filamatra amin'izany.

Niry R.

Analanjirofo

Notanana am-ponja vonjimaika ny lehiben'ny faritra teo aloha

Niakatra teny amin'ny Fitsarana miady amin'ny kolikoly (PAC) eny 67 Ha ny raharaha mahavoasaringotra an'Ing. Ramarson Jacques, lehiben'ny faritra Analanjirofo teo aloha. Taorian'ny fihainoana azy dia nanapa-kevitra nampiditra am-ponja vonji-

maikaiotomponandraikitrateo aloha io ny Fitsarana. Isan'ny vesatra niampangana azy tamin'izany ny voalaza ho fanodikodinam-bola tao amin'ny faritra notantaniny sy ny tsy filaminan'ny fitantanambola ary ny resaka kolikoly. Araka ny loharonom-baovao

marim-pototra, efa niakanidina tany amin'ny BIANCO any Mahajanga Ing. Ramarson Jacques talohan'izao nampidiranam-ponja vonjimaika azy izao. Ao anatin'izany rehetra izany, na inona na inona mety ho tao ambadiky ny raharaha, dia neverina fa lesona ho

an'ireo tomponandraikitratra lalan-dirinina ny raharaha tahaka izao. Ny ahiana, mety hisy fiantraikany amin'ny ho avy politikan'ity lehiben'ny faritra Analanjirofo teo aloha ity izao raharahanam-pitsarana mahovoasaringotra azy ity.

Mamy R.

Taratasy ho an-dRamala

Mizàna...tsindrian'ila !

Any Ramala, Tamin'ny tany faha-Gasy Ramala dia efa samy nampiasaina na ny famàrana na ny mizàna. Izay no nahatonga ireo mpiray tanindrazana amintsika tany aloha namorona ilay ohabolana hoe "Mizàna tsindrian'ila" ! Fa inona tokoa Ramala no nahatonga an'io fitenenana io ? Raha raisina ara-bakiteny mantsy dia hoe mandanja zavatra dia atao mavesatra ny ilany fa tsy tena ilay lanjany. Hany ka raha zavatra na entanasatria amin'ny resaka varotra no tena ampiasaina azy io- tokony ho iray kilao, ohatra, dia mety ho lasa iray kilao latsaka fahefany na antsasany sisa. Mangalatra anie no dikan'izany Ramala é ! Izany hoe mampiasa mizàna mandainga. Maha-voasazy ny fampiasana famàrana mizàna tsy marina Ramala ary na tamin'ny andron'izany Ombalahibernaso izany hono dia efa niharana'ny sazy izay mampiasa famàrana na mizàna tsy marina eny an-tsena. Tato aoriania dia lasa ohabolana sisa no nampiasana an'io fitenenana io Ramala nenti-nilazana fitondrana mitanila na fiangarana. Fa ity zavatra resahiko anio ity Ramala tsy mba ohabolana fa tena zava-nisy. Vao omaly ny omaly anie ka nisy ireo mizàna niaraka amin'ny vato noraofin'ny manampahefana teny amin'ny tsena iray teto an-tanàna teto é ! Fa inona no antony ? Nanao mizàna tsindrian'ila ve ny tompony ? Mizàna tsy voamarina na tsy vita fitsarana hono izy ireny. Misy didy tokoa Ramala manery ny olona mampiasa mizàna eny an-tsena na anaovana varotra ny amin'ny tsy maintsya anaovana fitsarana izany. Raha mandehandeha eny an-tsena eto an-tanàna eto ianao Ramala dia mahatsikaritra fa misy karazana mizàna samihafa mba tsy hilazana hoe hafahafa ampisain'ny mpivaratra sasany. Tsy fantatra intsony hoe azo ampisaina amin'ny varotra atao ve izy ireny ? Tsy vitan'izany fa indraindray koa misy manisy zavatra hafa toy ny kofehy na tady sy ny sisa. Hatramin'ny vato fandanjana ampisain'ny sasany aza no misy hafahafa, na vato tena vato mihtisy Ramala ! Sao mba tokony hojerent'ny manampahefana koa ireny ? Misy koa ireo mizàna tsy marin-toerana na mitongilana amin'izy ireny. Santionany ny zavatra hita daholo ireo Ramala fa mety ho efa hainao ihany. Izay angamba no hamaranana ny androany Ramala fa amin'ny manaraka indray.

Ragasy

CANAL+

60.000*
ARIARY
DECODEUR + EVASION
INSTALLATION OFFERTE
DU 21 MARS AU 28 AVRIL

15 JOURS
OFFERTS**
SUR TOUT CANAL+
POUR TOUT REABONNEMENT
A LA FORMULE ACTUELLE
DU 29 MARS AU 28 AVRIL

VOUS N'EN CROIREZ PAS VOS ŒUFS !!!

*Offre valable du 21 mars au 28 avril 2024 dans la limite des stocks disponibles pour tout nouvel abonnement sur la formule EVASION des BOUQUETS CANAL+. Parabole offerte. Hors frais d'accessoires. Prix TTC maximum conseillé. Voir tarifs et conditions de l'offre auprès de votre Distributeur Agréé.

**Offre valable 1 fois du 29 mars au 28 avril 2024, accès à 15 jours sur TOUT CANAL+ pour tout réabonnement à la formule ACCESS, EVASION ou ACCESS+ sous condition de maintien de sa formule. (date de référence : 29 FEVRIER 2024)

Black Nadia, Wawa, Ayam, Tekno,...

Ambiansy " Haute voltage " ao amin'ny Kianja Barea Annexe

"Manomana fialamboly goavana izahay amin'io, ka raha vao mihamainzina ny andro, dia raikitra ny afomanga goavambe ", hoy ny mpikarakara .

Hangotrakotra ny ao amin'ny Kianja Annexe Barea Mahamasina. Izaynofanamby omen'ny Sound Production sy ny Mick Prod, mpikarakara ny fialamboly alatsinain'ny paska etsy amin'ny Kianja Annexe Mahamasina. Antony nisafidanan'izy ireo ny anarana hoe « Lundi de pâques Haute voltage », satria mpanakanto mivoy ny gadona tropikalny mafanafana avokoa no hanafana ao an-toerana. Lohalaharana amin'izany i Wawa, andarezin'ny mozika salegy ; Black Nadia (namoaka hira mafampana tato ho ato ary sambany no hiaka-tsehatra taorian'ny nite-



Black Nadia sy Ayam, hiray sehatra etsy Mahamasina.

rahany ny zanany) ; Elidot izay zoviana amin'ny maro intsony ; Nael, Tekno, Rappa, Ayam, Raouto, Sabata Andavamamba. Ho an'i Wawa, izay hitondra anjara toerana goavana amin'ity hetsika ity. Efa 7 taona no tsy niaka-tsehatra goavana ankalamanjana teto an-drenivohitra ny tarika Wawa. Haharitra adiny 2 ora sy sasany ny fandraisany anjara amin'izany, izany hoe fampi-



sehoana iray manontolo mihtsy no nomanin'ny tarika ho an'ireo hialavoly ao an-toerana. Ny tarika Wawa rahateo no fantatra fa hamarana ny fety ao Mahamasina. « Manomana fialamboly goavana izahay amin'io, ka raha vao mihamainzina ny andro, dia raikitra ny afomanga goavambe », hoy Atoa Cedric Razakarivel, tale jeneralin'ny Sound Production. Ny Cool Concept

no voalaza fa hiandraikitra ny fanamafisam-peo sy ny jiro ao anatin'ity alatsinain'ny paska Mikasika ny filaminana, nanome toky ny mpikarakara fa ho hentitra tanteraka izy ireo ary afaka hialavoly amptoniana izay ho tonga ao an-toerana. Ankoatra ireo mpitandro filaminana mahazatra, hisy ny sivily hanampy azy ireo, ka hahatratra 150 ireo hiandraikitra izany.

Fy

Le Glacier Analakely
Seho miavaka iarahany'i Manaly sy Mahaliana Karen Manaly sy Mahaliana Karen. Izy ireo no hifarimboana ny fanandrata ny kolontsaina sy ny fomba amam-panao any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy izy mianaka ka hizara izany ho an'ny mpankafy rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina. « Double Ambiance » no lohahevitra entin'izy ireo manamarika ity seho ity ka tsy hiompana fotsiny amin'ny hira izy ireo fa hampanihy sy hanafana ny sehatra ao amin'ny Le Glacier ihany koa.

Arotel Antsirabe

« Friday off.. » iarahana amin'ny Ambondrona Any Vakinankaratra no hamarana ny herinandry ny tarika Ambondrona. Amin'io fandalovany io dia hanolotra seho tsy manam-paharoa ao amin'ny Arotel Antsirabe izy ireo amin'ny alalan'ilay hetsika hoe « Friday off ». Araka izany dia anio zoma no fotoana nomen'izy ireo, izay mpankafy azy any an-toerana. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny hetsika kanefa ilaina ihany ny fahatongavana mialoha. Tsara ihany koa ny manao famandriahan-toerana mialoha, araka ny nambaran'ny tomponandraikitra.

Les Cygnes Mandrosoa Ivato

Zoma manifika iarahana amin'i Wada & Yoongs
Hifamotoana eny Mandrosoa Ivato ao amin'ny Le Cygnes indray ny mpankafy gadona mafana anio manomboka amin'ny 9 ora alina. Hanolotra seho miavaka ao anatin'ny tontolo milamina amin'io fotoana io i Wada & Yoongs. Mandritra ity fotoana ity no hanoloran'izy roa lahy ireo hira ankafihizin'ny rehetra hatramin'izay sy ireo hirany vaovao. Zoma manifika hanomanana sahady ny paska sy ny alatsinain'ny paska io.

Nangonin'i Fy

Tafa....sika

Raouto

"Fitiovana sy fifehezana ny mozika no lakilen'ny fahombiazana"

"Faniriako", "Rôrô". Santionany amin'ireo vazo mitondra avo ny lazan-dRaouto. Maromaro ny hetsika ahitana azy amin'ny alatsinain'ny paska, ka anisan'ireny ny etsy amin'ny kianja Annexe Mahamasina sy Club Nautique Ivato. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :

Gazetiko : Mpanakanto malaza amin'izao ianao. Mba tantarao kely ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao amin'izao toerana misy anao izao?

Raouto : « Efa hatramin'ny mbola kely aho no tia mihira. Nanomboka teo amin'ny faha-14 taonako izaho no efa nihira tam'in'izany. Tafiditra

lalina tao, dia lasa kamo nianatra fa variana tam'in'ny hira teo amin'ny faha-16 taonako. Teo amin'ny faha-19 taonako amin'izay, rehefa tsy nazoto nianatra intsony dia nividianan'ny ray aman-dreny fitiovana fandraisam-peo (Studio).

Hatramin'izao 33 taona izao mikaroka hatrany hanatsarana ny hira amin'ny alalan'ireo fitiovana ireo. Tsy fanta tro hoe inona no antony nampalaza ahy fa tonga ny fotoana dia niainga ilay laza na efa taratara aza ».

Gazetiko : Nampiova ny fainana ve ilay hoe vedety? Inona no hitanao hoe tombony azonao amin'ny mahavedety eo anivon'ny fiaramonina ankapobeny? Inona no lafirtsiny, ny zavatra Tianao atao nefatsy afaka atao intsony?

Raouto : « Hatreto aloha tsy miova ny fainana fa ilay mandeha bus no tsy natao

intsony. Hatramin'izao mbola eny amin'ny fiarahanonina eny, dia tsy hitako izay fijerin'izy ireo hoe ahoana Raouto rehefa nalaza fa miaina amin'ny fianana andavanandro. Ny lafy tsara dia ny malaza sy ny hoe mahita tanana be dia be. Fa ny lafy ratsiny lasa tian'ny sipa kely ».

Gazetiko : Mahavelona ve ny mihira? Inona no tokony hatao raha te halaza? Seho firy no ataoao mandritra ity faran'ny herinandron'ny paska ity ? Inona no vaovao ato ho ato ?

Raouto : « Tena mahavelona ny mihira. Ny fitiovana

sy fifehezana an'ilay mozika no mampahalaza. Amin'ny alahadin'ny paska aho any Faratsih, fa eto Antanarivo seho 6 no indray ataoko. Efa misy fandaminana atao, ary mitovy daholo ny hira ataoko. Anisan'ireny ny etsy amin'ny Kianja Annexe Mahamasina sy eny amin'ny Club Nautique Ivato.

Efa manana hira 200 any aho noforoniko fa manomana fampiaraham-peo amin'ny artista malaza hatramin'izay toa an-dry Rim-k sy Black Nadia indrayizao ».

Nangonin'i Fy



PETITES ANNONCES Gazetiko

A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Tran 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-10)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...

Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-19)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-8)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 791/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 791/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 791/6-3)

Miarinarivo

Nifampitifitra ny zandary sy ireo dahalo, iray maty voatifitra, basy iray azo

Vaky nandositra ireo dahalo ka ity iray ity no tavela rehefa lavon'ny balan'ny zandary.

Nirefodrefotra ny basy tao anaty alan'i Mahavavy, akaikin'ny reniranon'i Sakay, kaominina Andolofotsy, distrikan'i Miarinarivo ny Talata lasa teo. Nifampitifitra ny zandary sy ireo dahalo ka dahalo iray maty voatifitra. Araka ny fanazavâna azo, nifamory nikononkonona fanafihana tao amin'io ala io ireto andian-dahalo nirongo basy sy lefona. Nisy nahatskaritra anefa izany ka nampandrenesina haingana ny zandary tao Andolofotsy. Nidina ifotony tany an-toerana



Ilay dahalo maty!

avy hatrany ny zandary raha vao nandre izany. Mbola tratra tao amin'ilay toerana voalaza tokoa ireo dahalo, izay tsy nanam-po na inona na inona. Raha vao nahatazana izany anefa ireo dahalo dia vaky nandositra

sady namoaka basy nitifitra ireo zandary. Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta. Vokany, dahalo iray no lavon'ny balan'ny zandary. Tratra ihany koa ny basy vita gasy iray teny aminy.

Dahalo raindahiny

Fantatra fa efa dahalo raindahiny ity maty voatifitra ity. Rehefa natao mantasy ny fanadihadiana dia fantatra fa anisan'ireo nanafika tao Ambaiboho, fokontany Ambohidrano, kaominina Andolofotsy izy ity ka omby miisa roa no very tamin'izany. Efa azo avokoa anefa ireo omby: fa tafatsoaka kosa ireo dahalo ka tamin'ity vao io tratra io. Mitohy hatrany ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo namany, izay mbola miriaria any amin'izao. Tsy mbola fantatra moa ny toerana saika hotafhan'izy ireo tamin'ity fa izao trâ-tehaky ny zandary izao ka rava maina ny tetika rehetra.

R.C

Ambohimahasoa

Lehilahy varira feno ratra hita faty nifatotra

Lehilahy iray sahabo ho 30 taona eo ho eo, izay manana toteena varira no hita faty tao amin'ny tanâna atao hoe Sahateza, fokontany Antsio kaominina Ambalakindresy, distrikan' Ambohimahasoa, omaly. Mbola barango hatreto na vono olona niniana natao no niseho na tsia. Araka ny fizahana nataon'ny mpitandro ny filaminana dia hita faty feno ratra ny vataha mangatsiakan'io lehilahy io. Nifatotra tongotra amantanana ihany koa izy. « *Mifatotra ny tanany sy ny tongony ary mifono lamba ny lohany. Tamin'ny fitsirihana natao dia nahitana ratra kely (kiaka) eo amin'ny vodiny, tongony sy tanany ary mbola teo aminy daholo ny taovany rehetra* » : hoy ny fanazavan'ny loharanom-baovao izay nanatri-maso ny fizahana ity tranga ity. Omaly tokony ho tamin'ny 10 ora antoandro no nampandre an'ireo zandary miasa ao amin'ny zana-tobim-paritra Ambalakindresy ny lehiben'ny fokontany Antsio. Mbola mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Hatreto ihany koa dia tsy nisy nahafantatra an'io namoy ny ainy io ny mponina na ny anarany na ny toeram-ponenany. Natolotra ny solontenam-panjakana ny razana rehefa vita ny fitsirihana natao mandra-pahatonga izay mety ho fianakavany. Misokatra ny fanadihadiana ary mitohy ny fikaroham-baovao mahakasika ny nahavanon-doza.

Deyland

Antsirabe

Vola sandoka 18 tapitriza ariary saika hapanitaka

Tsy kely lalana ratsy! Vola sandoka manodidina ny 18 tapitriza ariary nokasain'ireo olon-dratsy hapanitaka any amin'ny tanân'Antsirabe no saron'ny mpitandro filaminana tany an-toerana ny alatsinainy lasa teo. Araka ny fantatra dia saika hakana tombony hamidy ireo vola tsy tena izy ireo mba hitadiavam-bola. Olonatsara sitrapo no nampandre ny polisy

Talatamaty

Tovolahy 19 taona mivarotra rongony tratra

Mitohy hatrany ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana amin'ity famongorana ny fiparitahan'ity zava-mahadomelina ity. Tovolahy iray tokony ho sivy ambin'ny folo taona no trâ-tehaky ny zandary tony Amborompotsy-Talatamaty mivarotra rongony. Fitainana avy amin'ny mponina eny an-toerana no nahafantarana ny zavatra

mikasika ny fisian'ny vola sandoka any an-toerana. Raha vao nandre izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha nidina ifotony nanamarina ny zava-nitrange tany amin'ilay toerana. Hita tao tokoa ireo lehilahy telo niaraka tamin'ireo vola sandoka maro be izay ravim-bola hosoka 20 000 ariary avokoa. Araka ny fanazavana dia lehilahy

lehibe iray avy aty Antananarivo no nandeha nankany Antsirabe saika hivarotra ireo vola tsy tena izy ireo. Ary nisy roa lahy hafa niray tsikombakomba taminy avy any an-toerana saika hanaparitaka ireo vola tsy tena izy ireo. Nosamborina izy telo lahy ary taorian'izay dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy niaraka tamin'ireo vola tsy tena izy

T.H

avy hatrany moa izy ary nogiazana avokoa ireo rongony tratra tao aminy ireo. Fa ankoat'io dia rangahy roa ihany koa no trâ-tehaky ny zandary mamboly sy mivarotra rongony any amin'ny faritr'I Soavinandriana-Itasy ny 23 Martsa lasa teo. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafantarana izany. Notanana natao famotorana

Rehefa natao ny fisavâna dia tratra tokoa ireo rongony maitso mavana novoleny, izay nisy iraika amby roapolo fotra nafangaro tanaty fambolena. Mbola nahitâna rongony fito ambinifolo fonosana ihany koa ilay rangahy iray rehefa nosavaina ny tranony. Nongotana avokoa ireo rongony novoleny ary nodorana.

R.C

Ihorombe

Miaramila iray naratra voatifitry ny dahalo

Nanao fampandrian-tany tany amin'ny faritr'Ihorombe iny ity miaramila ity sy ireo namany no izao voatifitry ny dahalo izao. Raha nandeha nantsaka rano ity miaramila ity sy ny namany iray no nifanehatra tamin'ny andian-dahalo nirongo fiadina nikasa hanafika tao Angodongodo-Tanandava, faritr'Ihorombe. Nitifitra avy hatrany ireo dahalo raha vao nahatazana azy ireo. Niezaka nitsoaka namonjy ireo namany tao amin'ny Toby ireo miaramila roa lahy ireo saingy voatifitry ny iray ka lavo tamin'ny tany azy tsy nahatsiaro tena. Tsy naninona kosa ilay iray. Taitra ireo namany raha nandre ny feom-basy ka nivoaka njery ny zava-nitrange. Novonjena haingana aloha ilay miaramila naratra. Ny sasany kosa nanenjika ireo dahalo. Nalefa haingana tamin'ny angidimby hamony hopitaly ilay naratra.

R.C

Tanjombato

Lehilahy tratra nangalatra môtô an'orinasa

Lehilahy iray 30 taona no voasambotry ny polisy afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora sy fahefany antoandro teny Tanjombato noho ny resaka halatra môtô an'ny orinasa iray. Tonga nanao ny asany teny Behoririka ilay lehilahy nitondra môtô ka nametraka izany teny amin'ny fiantsonana tao amin'ny tobim-pahasalamana iray teny an-toerana ny maraina tamin'io andro io. Nandritra ny fotoana nipetrahan'ilay kodiaran-droa teo no nanararaotan'ilay mpangalatra azy. Ka rehefa niverina avy nanao ny asany ilay mpitondra môtô ka handeha haka ilay izy teo amin'ny toerana nametrahany azy no hatairana ny azy fa tsy teo intsony izany. Taorian'izay dia nentina teo anivon'ny mpitandro filaminana ny raharaha. Efa nojerena ny GPS ka hita fa nizotra nankanya Tanjombato ny lalana nitondran'ilay mpangalatra azy.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME

Rivodoza Gamane - Analanjirofo sy Atsinanana

Olona 6 namoy ny ainy, 1 tsy hita popoka

Mahatratra 3 543 ny fitambaran'ireo traboina tamin'ilay orambe sy rivodoza Gamane.

Tondraka ny rano tao amin'ny faritra Analanjirofo sy Atsinanana vokatr'ilay orambe nentin'ny rivodoza Gamane. Araka ny fampitam-baovao ofisialy voaray teo anivon'ny BNRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), omaly tamin'ny

5 ora hariva, dia olona 6 no voamarina fa namoy ny ainy tao amin'ireto faritra roa ireto. Tao amin'ny distrikan'i Maroantsetra ny 3, tao amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra ny 1, tao amin'ny distrikan'i Vavatenina ny 1, ary tao amin'ny distrikan'i Toamasina II ny 1. Nisy olona 1 tsy hita popoka ary mbola karo hina ao amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Mahatratra 2 606 ireo traboina, koa ny 2 561 tamin'ireo efa nafindra toerana. Napetraka

amin'ny toerana 4 fandraisana traboina ny 208, ary namonjy ireo mpifanila vodirindrindra sy fianakaviana ny 2 322. Misy trano 608 tondraka ny rano, ary 2 hafa simba tante-raka. Tao amin'ny kaominina Ambakirano, distrikan' Ambilobe no nisy ny ivon'ity rovodoza ity omaly tamin'ny 3 ora tolakandro. Nihena andalana ny heriny. 90 Km isan'ora ny rivotra nentiny, izay arahina tafiotra 125 Km isan'ora ao anatin'ny 30 Km manodidina ny foibeny. Nikisaka nianatsimo

Andrefana ny diany ary nahafaka 9 Km isan'ora. Tombanana hivoaka andranomasina any amin'ny tendrony Atsimon'ny Tanjona Masoala anio tolakandro. Fa ankoatra ity rivodoza ity, dia namela takaitra goavana ihany koa ilay orambe tamin'ny 23 marsa lasa teo tany amin'ny faritra Anosy sy Atsimo Atsinanana ary Atsinanana. 937 ireo traboina tamin'izany ary efa nafindra amin'ny toe-rana 7 fandraisana traboina.

R. Muray

Fahavitan-tena ara-tsakafo

Anohana ireo mpandraharaha mamokatra zezika ny minisiteran'ny Fambolena

« Latsaky ny 10 kg isan'Ha ny zezika ampiasain'ny mpamboly eto amintsika amin'izao fotoana izao. Ny zezika anefa anisan'ny singa iray afaka mampitombo ny tahan'ny famokarana eto amintsika ka izay no naha-tonga anay eto anivon'ny minisiteran'ny fambolena sy fiompiana manampy ireo mpandraharaha mpamokatra zezika. Tsy misy ny fano-hanana ara-bola fa kosa ny fikarakarana toerana afaka hiasana sy fanamorana ny fahazoana herinaratra. Faritra enina no hisitraka izany fiaraha-miasa izany amin'izao fanombohana izao fa tsy maintsy hitarina manerana ny faritra 23 izany aoriania kely ao. » hoy ny minisitra Suzelin Ratohiarijaona Rakotoarisolo, nandritra ny fanaovan-tsonia fifanrahama-piarahamiasa teo aminy sy ireo orinasa tsy



Ny minisitra Suzelin Ratohiarijaona Rakotoarisolo sy ny PDG STOI Tovonanahary Rabetsitonata.

miankina vonona hanome tolota manokana mba hahafhana manamora sy mivatra zezika amin'ny vidiny mirary.

STOI zezika Taroka
Araka ny fanazavan'i

Tovonanahary Rabetsitonata, PDG STOI : « 34 taona ny nisian'ny STOI teto amintsika ary miezaka mitady fomba vaovao foana izy ireo hanampiana ny tantsaha. Mamokatra zezika Taroka

2 000 taonina isam-bolana izy ireo izay azo ampiarahana amin'ny Urée sy zezi-pahitra ary manaja ny lalànan'ny farimbom-pamokarana na « agrégation agricole ». Taloha raha 2 taonina isan'Ha ny voka-bary vokarin'ny olona efa tafakatra 5 taonina isan'Ha izany ankehitriny izany hoe mitombo avo roa heny. » Raha mitombo 25 isanjato anefa ny vokatra, mahaleo tena ara-tsakafo isika ary mety hanondrana vary mihtsy aza. Hatramin'izay, niezaka niasa irey teny ny mpandraharaha fa amin'izao, manohana ny fanjakana ka azo antoka fa hisy vokatra tsara amin'ny fambolena izany ary samy hahazo tombontsoa daholo na ny tantsaha na ny mpandraharaha ary indrindra hitondra fampandrosoana ho an'i Madagasikara.

Nath

Nalefa eny Tsiafahy ireo mpitrandraka an-tsokosoko.

Tamin'ity taona 2024 ity, nahatratra 6 ireo tranga fitrandrahana an-tsokosoko Jabihy na « baobab nain » teto amintsika. Tany Ihosy, Atsimo Andrefana, Vakinankaratra, ary Antananarivo no nahitana azy ireo. Tamin'ny fiandomanitra volana martsa 2024, teratany sinoa iray sy malagasy telo no tratra teny Ivato rehefa nikasa hanondrana an-tsokosoko jabihy 650 isa. Notazomina vonjimaika eny amin'ny fonjan'i Tsiafahy izy ireo miandry ny fotoampsarana. Efa tambajotra mpanondrana an-tsokosoko Jabihy mihtsy ireto tratra ireto. Ny Jabihy izay voalaza fa karazan-javamaniry tsy hita afa-tsy eto amintsika kanefa manan-danja sy hinoan-dry zareo aziatika ho toy ny andriamanitra kely. Azo atao zaridaina ihany koa ary mety tafakatra hatrany amin'ny 500 dolara ny iray eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Nisy karazany 7 ireo tratra ary tsy misy afa-tsy eto avokoa ireo nokasaina haondrana ireo. Any amin'ny faritra atsimo no tena betsaka azy, ka anisan'izany ny faritra Ihorombe, Atsimo Andrefana, Anosy ary Androy. « Ny Minisitera dia mampatsiay hatrany fa tsy hilefitra amin'ireo mpitrandraka an-tsokosoko ny harena voajanahary ary manentana ny olom-pirenena rehetra ho saropiaro. Manimba ireo valanjava-boahary izao fitrandrahana izao kanefa ireo dia harena lehibe ho antsika ary mampangan'ny maha izy azy an'i Madagasikara. Mampidibola amin'ny alàlan'ireo mpizahatany ary manana andraikitra lehibe ara-tontolo iainana satria mitahiry ireo harena tsy fahita afa-tsy eto amintsika. Ny lalànan'ny CITES, migadra hatrany amin'ny 10 taona an-tranomazina ny sazy azon'ireo mpanondrana miampy lamandy 10 hatramin'ny 100 tapitrisa Ar araka ny lalàna mifehy ny valan-javaboahary. » hoy Razafindrabe Rinah, Tale Jeneraly Haitondra ara-tontolo iainana.

Nath

Haren-javaboary an-dranomasina

Tandindonin-doza amin'ny fiavin'ireo sambo avy any Ivelany

Manan-karena zavaboary ny fari-dranomasin'i Madagasikara. Tandindonin-doza anefa io haren-javaboary an-dranomasina io noho ny fiavian'ireo sambo avy any Ivelany. Ireto farany, izay heverina fa matetika ahitana zavamananaina miraikitra amin'ny vatany, ka atahorana hanimba ny haren-javaboary aty amintsika. Tsiahivina fa efa nisy ny tranga tamin'ny fahaton-gavan'ny radaka boka tao Toamasina. Eo anatrehan'izany indrindra, misy ny atrikasa karakaraian'ny OMI (Organisation Maritime Internationale) miaraka



Tonga nanatrika ny fanokafana ny atrikasa ny solontenan'ny OMI (Faharoa ankavanana).

amin'ny fanjakana malagasy hoentina mamolavola rafitra mifandraika amin'ny

Ivelany. « Tsy maintsy hisy ny famolavolana paikady fa mialoha izany dia ny fame-trahana ny rafitra iadiana amin'ireo zavamananaina mifikitra amin'ny sambo, ka mety hanimba ny tontolo iainana an-dranomasina no atao eto. Mbola ny fanarahamaso ara-taratasy aloha no atao'ireo tomponandraikitra mpanara-maso miasa amin'ny seranana hatreto. Jerena amin'izany ny fananana antontan-taratasy momba ny fitantanana ny zavamananaina mifikitra amin'ny sambo andaniny ary ny taratsy firaketana momba ny sambo ankilany. Rehefa

tafapetraka kosa ny lalàna dia hisy ny fiaraha-miasa amin'ny firenena hafa amin'ny fanatanterahana izany. Efa misy orinasa koreana manana "robot" na fitaovam-pitiliana ny fanabannin'ny sambo milentika anaty rano, izay heverina hiara-hiasa amintsika. Rehefa misy ny mampiahiahy amin'izay fotoana izay dia terena hanao fanadiovana ilay sambo na amin'ny alalan'ity "robot" ity na koa amin'ny alalan'ny SECREN ao Antsiranana. », hoy ny tale jeneraly lefitry ny APMF (Agence Portuaire Maritime et Fluvial), Maurice Tianjara.

R. Muray

Fitrandrahana an-tsokosoko Jabihy

Teratany sinoa iray sy malagasy telo nidoboka eny Tsiafahy



Nalefa eny Tsiafahy ireo mpitrandraka an-tsokosoko.

Christine Razanamahasoa

" Tsy manaraka ny fenitra araka ny lalàna ny fomba nitoriana ahy eny amin'ny HCC "

Eny Ambohidahy izany izao ny mason'ny mpmana-baovao.

Araka ny efa notaterina teto dia tafapetraka teny amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, tamin'ny talata lasa teo izany ny fitioriana napetraky ny vondrona parlementera Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina (IRD), nosoniavin'ny solombavambahoaka voafidy tany amin'ny distrikan'i PortBergé, Paul Bert Velonjara. Fitioriana mangataka ny handrohana an-dRtoa Christine Razanamahasoa tsy ho solombavambahoaka izay hitohy amin'ny fanalàna azy tsy ho filohan'ny Antenimierampirenena. Fanapahan-kevitra noraisin'ny mpikambana ao amin'ny antoko IRD, taorian'ny fanambarana nataon'io filohan'andrimpan-

kajana io, nandritra ny fifampiarahabana trtry ny taona, no tanta rehaha teny Tsimbazaza, tamin'ny asabotsy lasa teo. Omaly, nitondra ny heviny mahakasika io fitioriana azy io Rtoa Christine Razanamahasoa. Nahitsy ity farany raha nilaza tamin'izany, fa tsy manaraka ny fenitra araka ny lalàna ny fomba nitoriana azy teny Ambohidahy. Araka ny fana-zavany, tokony averina solombavambahoaka tsotra fatsy Filohan'ny Antenimierampirenena aloha ny tenany izay vao esorina tsy ho depioye. Ambonin'izany, hoy hatrany izy, dia efa tsy misy mampifamattra azy amin'ny IRD intsony satria efa nesorin'io vovonana io tsy ho mpikamban'izany intsony ny tenany tamin'ny novambra tamin'ny taon-dasa. Raha tsiahivina, fanambarana nampahafantatra ny olana sedrain'ny

vahoaka Malagasy sy ny firenena, amin'ny ankapobeny noho ny tsy fahaina-mitantana ataon'ny mpitondra izay nambarany ho tsy nifanarahana no nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena ka tonga amin'izao fanonganana azy izao. Eny Ambohidahy ny mason'ny mpmana-baovao!

Voasoratra tao anatin'ny taratasy nampitaina tamin'ny filohan'ny Antenimierampirenena, rehefa tafapetraka ny fitioriana fa manana 48 ora ny tenany hiarovan-tena. Ny dikany, aorian'io fe-potoana io dia eny Ambohidahy ny mason'ny mpmana-baovao politika. Ary maro ny fanontaniana manitikitika ny saina: Hihinana am-bolony ve ny mpitsara avo ka hamoaka didy hanome vahana ny pôlitika ? Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa resaky ny samy mpitsara sy mpahay lalàna

izany no hisy. Izany hoe mpitsara no ho toriana ary mpitsara ihany koa no hamoaka didy. Mialinga amin'ny fanapahan-kevitra efa noraisin'Ambohidahy tany aloha, mety hitranga ve ny famerenana ny raharaha eny Tsimbazaza ka hanajana ny lalàna manan-kery alohan'ny handinihana ny votoatin'ny fitioriana. Ankoatra ireo mbola manitikitika ny saina ihany koa ny fanontaniana hoe : Fanapahan-kevitra hampilamin-javatra ve no havoaka sa ny mety hifanohitra amin'izany ? Tsy azo odiyan-tsy hita mantsy fa ankoatry ny maha olom-boafidy an-dRtoa Christine Razanamahasoa, tany amin'ny distrika nahalany azy sy ny maha olome azy dia voafidin'ny solombavambahoaka zato isan-jato ny filohan'ny Antenimierampirenena, tamin'ny fotoan'androny.

Mamy R./V.R.

Siteny Randrianasoloniaiko

" Ny fanapahan-kevitra pôlitika entina amin'ny lalàna no manakorontana ny firenena "

Raha tsy nandrenesam-peo nandritra ny fotoana lavalava ny depioye Siteny Randrianasoloniaiko dia nivoaka tamin'ny fahanginany ny lehilahy, manoloana ny fitioriana napetraky ny vondrona IRD eny amin'ny HCC, halanàny filohan'ny Atenimierampirenena tsy ho solombavambahoaka. Politika no ao ambadik'izany satria mihtsoka ny famatsiam-bola ary nanakorontana ny mpitondra izay mandohalika tanteraka amin'ny mpamatsy vola, ny fanambarana nataon-dRtoa



Ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko. (Sary tahiry)

Christine Razanamahasoa, tamin'ny asabotsy lasa teo. Ny fanapahan-kevitra pôlitika entina amin'ny lalàna no manakorontana ny firenena, hoy ny depioye Siteny Randrianasoloniaiko. Efa fantatry ny mpitondra mantsy, hoy izy fa ho resy izy ireo raha notanterahina teny Tsimbazaza ny fanonganana ny filohan'ny Antenimierampirenena, antony nitondrana izany eny amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana. Antony iray hafa nandraisana ny fanapahan-

kevitra, hoy ny depioye Siteny Randrianasoloniaiko dia fantatry ny mpitondra fa manana anjara toerana manokana eto Madagasikara i Frantsa ary avy nihaona tamin'ny filoha Frantsay ny filohan'ny Antenimierampirenena. « Lalana roa ihany no azo-n'ny filoham-pirenena atao hivoahana amin'izao krizi izao, na miantso fifampiresahana manao didy jadona », hoy ihany io olom-boafidy io.

V.R.

Hazakazaka ho eny Tsimbazaza

" Mifapiandriandy amin'ny fanaterana dosie ireo olon'ny fitondrana sy ny mpahitry

Nisokatra tamim-pomba ofisialy omaly, ny fanaterana ireo antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ho Solombavambahoaka. Eny anivon'ny OVEC, rafitra mpanamaria sy mpirakitra ny filatsahan-kofidiana isaky ny distrika no hanateran'ireo maniry ho kandidà izany. Tamin'ny andron'ny omaly, mbola nangingina io fanaterana antontan-taratasy filatsahan-

kofidiana io. Ho an'ny tetra Antananarivo Renivohitra ohatra, mbola tsy nisy kandidà nahasahy namaky sehatra na dia iray aza. Raha ny angom-baovao dia misy ihany ny olona tonga manatona ny OVEC saingy mbola tsy nametraka ny antontan-taratasy filatsaha-kofidiana ry zareo fa mbola vao manontany ireo andinindinny rehetra ilaina mahakasika an'izany

fotsiny aloha. Tsy dia mahagaga loatra anefa ny amin'ity tsy fahavirihan'ny mpanatitra filatsahan-kofidiana ety amboaloany ity satria efa fomba fanao hatramin'izay. Tamin'izay fidianana rehetra natao, dia miandy ny fotoana farany hatrany izay te ho kandida vao mihazakazaka. Heverina ho anton'izany ny fietsiky ny mpanao politika, indrindra ireo olon'ny mpiton-

dra sy mpahitry mbola mifapiandriandy sy mitazana izay mety ho mpifanana aminy. Mifanidran-dâlana amin'izany, raha ny vaovao mandeha any ambadika any dia somary gidragidra ny fifantenana kandida ho an'ireo antoko sy vovonana goavana.

Mamy R.

Marina izany !

Malaza ratsy!

Raha taona maromaro lasa, nahasintona mpizahatany maro i Madagasikara noho ny fahaizan'ny Malagasy mandray vahiny; ny hakanton'ny tanàna; ny fisian'ireo toerana azo tsidihana manokana; ny zava-boahary sy ny biby tsy misy afa-tsy eto amintsika... Tsy izany kosa no misy fa mihena, mihatra amin'ny tany aloha ny isan'ny mpizahatany tonga eto amintsika, noho ny antony maro: fahafosan'ny saran'ny fiaramanidina sy ny fivahinianana any amin'ireny tranom-bahiny ireny mihohatra amin'ny any amin'ny firenen-kafa manana ny toerany amin'ny resaka fizahantany ihany koa; ny fahasimban'ny lalana; ny fahapotehan'ny tontolo iainana; ny firongatrny tsy fandriampahalemana; ny fitarazohan'ny fikarakarana ny antontan-taratasy takiana amin'ireo mpitsidika. Tsy izany ihany fa any ivelany any dia malaza ratsy amin'ny tranga maromaro i Madagasikara, raha tsy hitanisa afa-tsy ny kolikoly hatrany an-tampony ka hatrany amin'ny sampandrahahaha any ifotony ; ny tsy fanarahan-dalàna saika amin'ny an-tan-an-tohatra rehetra; ny fanaparam-pahefana; ny fandraisana fanapahan-kevitra manome tombon-dahiny ny akamakama; ny fanondranana harem-pirenena antokosoko... Itsy farany izay tsy takonz afenina satria toa manao masobe tsy mahita ny tompon'andraikitra isantokony andalovan'ireny harena sarobidy ireny alohan'ny lalàny eto an-toerana, saingy inian'ny firenen-kafa avoaka kosa rehefa tonga any aminy. Tsy takona afenina amin'ny mpahitry ny volamena milanja 73 kg tratra tany amin'ny seram-plaramanidin'i Afrika Atsimo ; ny volamena 49 kg tratra tany Kaomôro ; ny volamena tao amin'ny minisitera nivadika bolongam-by; ny hazo sarobidy.... Trangan-javatra tokony hitadiavambahaolana.

Voahangy Rakotozafy

Mpandrahahaha avy any Torkia

Noraisina tao amin'ny Ministeran'ny raharraham-bahiny



Fihaonana niaraka tamin'ireo mpandrahahaha tiorka tao amin'ny Minisiteran'ny Raharraham-bahiny Anosy.

Nahomby ny iraka nataon'ny delegasiônina malagasy tany Antalya Torkia. Noraisina tao amin'ny Ministeran'ny raharraham-bahiny eny Anosy omaly ny delegasiônina misy ireo mpandrahahaha tiorka. "Fitohizan'ny fanasana natao tamin'ireo mpandrahahaha tiorka tany Antalya ny fihaonana anio. Efa nisy rahateo ny fihaonana tamin'ireo mpandrahahaha rehetra tao Torkia tamin'ny delegasiônina malagasy. Nohazavaina sy novelabelarina tamin'izy ireo tetikasampampandrosoana hahafahany misehatra eto amintsika sy manampy amin'ny fampandrosoana ny firenentsika.", hoy ny Minisiteran'ny raharraham-bahiny, Raferavavifatika Rasata. Mpikamban'ny governemanta vitsivitsy niaraka tamin'ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar) no nidinika tamin'izy ireo tamin'io fotoana io. Tafiditra tao anatin'ny resaka nifanakalozan'ny andaniny sy ankilanay ny fijerena ireo seha-pihariana tena mpampidi-bola vahiny eto amintsika, ny faritra ara-toekarena manokana, ary ny tetikasampampandrosoana hahafahany misehatra eto amintsika sy manampy amin'ny fampandrosoana ny firenentsika. Nana-mafy ny fahavononany hampiasa vola eto amintsika sy hifanome tanana amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara ireo mpandrahahaha tiorka ireto.

R. Muray

TSARA HO FANTATRA

Ando N. Rasolomalala mpilalao tenisy

Voahosotra tompondaka na dia tapa-tanana aza

Miori-ponenana any Montreal (Canada) i Ando N. Rasolomalala sy ny fianakaviany amin'izao fotoana izao, ary mbola manohy ny fam-pianarana ny taranja tenisy any amin'ity firenena any amin'ny kaontinantant'i Amerika Avaratra ity. Anisan'ny nahatsiarovana azy teto an-tanindrazana, fony izy mbola mpifananana, niaraka tamin-dry Mamy laly Ratsifandrihamanana, ny naha tapaka ny tanany tamin'ny taona 2014. Niahiahy fatrata sy nalahelo ny lehilahy fa ho vita hatreto ny filalaovany tenisy, izay anisan'ny taranja ara-panantanjanahantena tiany no sady manavanana azy. Tamin'ny fitsaboana natao anefa dia nanome hery azy ny tenin'ny mpitsabo fa mbola afaka manao tenisy tsara ny lehilahy. Rehefa sitrana soa aman-tsara izy dia niverina nanao fanazarantena, ary

nandray tamin'ny fifaninana teto amintsika. Tamin'ny taona 2015 diatany amin'ny lalao manasadalana izy vao raraka. Niverina anefa ny heriny tamin'ny taona 2016 ka tsy namelany rahatsy voahosotra tompondakan'i Madagasikara fanintelony izy. Ando "Le Gaucher" Anisan'ny nampiavaka an'ity mpilalao tenisy ity ny fahizany mampiasa ny tanany havia, izay nanahirana ny mpifandan-drina taminy mihitsy ny nahaona taminy. Ankoatra an'izany rehefa mamerimbaolina, manao "revers" izy dia ataony amin'ny tanana roa ka sahirana ny mpifandan-drina aminy misakana ny baolina. Tamin'ny taona 2016 izy dia niatrika ny "Open International" ka tody tany amin'ny lalao ampa-hefa-dalana. Nisafidy nanao tenisy Zanaka mpanao fanantanjahantena tamin'ny



baolina kitra i Ando. Rasolomalala Isidore ny rainy, tomponandraikitra ambony tamin'ny fitantanana ny ivon-toerana ambony momba ny fanantanjahantena teny amin'ny Universite Ankafotsy (ENIII/EPS). Rehefa nitsahatra tsy nilalao baolina Ingahy Isidore Rasolomalala dia niandraikitra ny fitsarana ny lalao iraisampirenena (arbitre international), ary teto amintsika ihany koa mazava ho azy. Mahatadidy tsara an'izany Isidore izany ny mpilalao kitra Malagasy. Hentitra ary tsy mitsitsy mihitsy amin'ny fitantanana lalao eny ambony kianja. Rehefa niteraka an'i Ando kosa izy dia tany amin'ny taranja tenisy no nampikotra-

niny mafy, ary dia tafavoaka ho anisan'ny mpilalao kalaza teto amin'ny firenena sy hatrany ivelany. Efa nisoltenea antsika i Ando tamin'ny fifaninanana "Coupe Davis" sy ny hafa ankoatra an'izany. Ampatsiahivina fa teto amin'ny firenena dia intelo izy no voahosotra tompondakan'i Madagasikara, ary manginy fotsiny ny amboara azony tany amin'ny Section Tana Ville sy ny ligin'Analamanga. Miorim-ponenana any Montreal Ny diploma "International Tennis Fédération-Level 2" no nentiny nampianatra tenisy any Canada. Tamin'ity taona ity anefa dia fantatra fa haka mari-pahaizana any Toronto izy. Nambarany fa samy hafa ny "système ITF" sy ny "système" amin'ny diploma any amin'ny firenena ivahinany amin'izao fotoana izao. Entina hanatsarana ny fampianarana atao dia efa

nangataka ny hanaovana an'izany mari-pahaizana ambony izany ny tenany. Izany no atao ihany koa, hoy izy, dia ho fanatsarana ny karama raisina. Momba ny fiofanana dia misy dingana maro tsy maintsy diavina. Voalaza fa mandalo masontsivana maro vao mety ho voaray anisan'ny mpiadina amin'ilay fiofanana. Anisan'ny takiana amin'izany ny maha mpilalao matihanina, efa nandrafitra ny ekipampirenenana, efa nitondra mpilalao niatrika fifaninanana iraisampirenena, ary ny taona nanaovana ny asa maha mpanazatra eo anelanlan'ny 5 ka hatramin'ny 10 taona, ary tsy manana olana na disadisa tamin'ny mpitanta ny taranja tenisy. Mino sy manantena i Ando fa ho voaray ho mpifana izy satria fenony avokoa ireo fepetra notakiana taminy ireo.

aris rafaly

Communiqué

Orange Madagascar accompagne l'Etat pour un internet totalement ouvert



Fidèle à ses engagements forts en faveur de l'inclusion numérique, Orange Madagascar poursuit ses efforts pour permettre au plus grand nombre d'avoir accès aux bénéfices du numérique. À travers ses propositions d'offres et services, Orange Madagascar a toujours souhaité offrir un accès à un ensemble d'applications ou de contenus éducatifs et ludiques, avec la conviction que ces contenus sont un facteur clé de développement pour Madagascar.

Une étape importante vers l'égalité de traitement/la non-discrimination du trafic internet sera marquée le 1er avril 2024, par l'entrée en vigueur de nouvelles réglementations sur un internet ouvert, non limité aux réseaux sociaux.

Orange Madagascar est convaincu que les offres sans limite de contenu contribueront à réduire les inégalités d'accès au sein de la population. Des ajustements sur les offres internet, ainsi que certaines baisses de prix, seront ainsi mis en place à partir du 28 mars 2024 afin de permettre un traitement égal de l'ensemble du trafic internet.

Ces évolutions vont changer les habitudes de consommation, et nous sommes convaincus qu'elles seront rapidement bénéfiques pour l'ensemble des utilisateurs et de la population Malagasy. Elles donneront plus de possibilités aux entreprises Malagasy pour innover et se développer.

Orange continue à accompagner les entreprises et les start-up Malagasy dans leur digitalisation.



TSIPAKA

Nisy tamin'ireo mpilalao avy any ivelany "expats", sambany vao nantsoina, nanantevin-daharana ny Barea de Madagascar, niatraka an'ny "Fenêtre FIFA" iny no nameho ny hafaliany avy hatrany tamin'ny tambajotran-tserasera fa vonona tokoa hiaro ny voninahi-pirenena. Somary nahavaka saina kosa anefa ny nahita ny fanehoan-kevitry ny mpiray Tanindrazana sasany, izay mankahala ny fahatongavan'izy ireny fa hoe tsy misy ra Malagasy fa ara-taratasy fotsiny ihany.

Fanavakaham-bolon-koditra

Miteraka ady hevitra hatrany amin'ny fiatrehan'ny ekipam-pirenentsika fifaninanana iraisam-pirenena ny fian-tsoana sy ny fanganana an' ireny "expats" ireny. Raha ny fanadihana natao anefa no zohina dia misy ra Malagasy tokoa izy ireny, izay avy amin'ny reniny na rainy niteraka azy. Araka izany dia ady hevitra diso ny familikiliana azy, izay miendrika fanavakaham-bolon-koditra mihitsy ny fanehoan-kevitra ataon'ny sasany. Raha mainty fihodirana ilay "expats" nantsoina dia tsy miteraka ady hevitra lava be. Raha fotsy fihodirana, miendrika kosa ilay mpilalao dia tsy mihambahamba mihitsy ny mpakaniana, manenjika azy fotsy mila "vazaha taratasy". Amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena dia efa tsy iadian-kevitra lavarenny itsony ny maha teratany na tsia ny mpilalao. Voninahit'ilay firenena miantso azy no arovany. Raha ny momba an'ireo mpilalao "expats", niatraka an'i Burundi sy Rwanda no ambara dia tena finaritra mihitsy ry zalahy, miara-miaina amin'ny "locaux.". Ankoatra an'izany dia mbola mahazo hery ihany koa izy ireny amin'ny fanohanana ataon'ny mpijery azy. Fanohanana izay midika fankatoavana amin'ny filalaovana ataony ao anatin'ny Barea de Madagascar. Samy resy lahatra angamba isika, ary samy manaiky, fa mbola tsy nisiotioka an' ireny "expats" ireny ny B12 rehefa miakatra eny ambony kianjanymplilao.

aris rafaly

PASI PASI

Razafindrainibe Harivola Marie Sarah

Efa homen-janany tombony 10m rehefa mifaninana

Nandritra ny 9 taona no tao anatin'ny ekipam-pirenena ny tenany. Betsaka ny anaram-boninahitra sy medaly azony nandritra izany. Mpilalao Handball ny vadiny fa ny taranja Lomano kosa no nataony izay nodimbiasin'ireo zanany mirahalahy. Izany mpanjakavavin'ny rano teo aloha izany no hampahfantarina antsika eto amin'ny PASI-PASI anio.

Gazetiko : Anaranao feno**RHMS :** Razafindrainibe Harivola Marie Sarah**Gazetiko :** Firy taona dia mbola milomano ve, ao amin'ny klioban'iza?**RHMS :** 57 taona. Mbola milomano, manao Masters club Managing / Manao ASIEFekipan'ny MJS**Gazetiko :** Nanomboka firy taona ianao no nilomano?**RHMS :** Nilomano hatramin'izaho 13taona**Gazetiko :** Azonao tanisaina ve ny palmarès efa azonao?**RHMS :** 1985-1994 : Équipe nationale 1988-1993 : titres nationaux Ex détentrice de records individuel et relais 1985 et 1990 : nandray anjara tamin'ny JIOI 2 médailles d'argent 1993: JIOI : 2 médailles de bronze 1994: Field Cup Nairobi : 5 médailles d'or et 1 médaille d'argent. Championne grand fond d'Ambila 1991 Championne du grand fond de Mantasoa 1993 2004-2005: Championne de Triathlon. Octobre 2005 : Triathlon à La Réunion. Championne de la catégorie vétérans, 3e place de la catégorie Open. Championne de Mada de masters -ASIEF 2022 à Tuléar : 10 médailles d'or (9 or et 1 bronze) -ASIEF 2023 à Toamasina : 8 médailles (7 en or, 1 argent) -2004-2010: CTR Analamanga -2007-2019: Entraineur National -2015-2019: DTN -Depuis 2004: entraîneur du club Managing. Ireo no tena tadihy**Gazetiko :** Firy ny zanakao, iza avy dia milomano daholo ve. Efa nisy voantsa tao anatin'ny ekipam-pirenena ihany koa?**RHMS :** Mananjanaka 2 - Randrianaina Hariravo Joël. Ancien détenteur de meilleure performance 400 NL Catégorie Poussine / 2011: équipe nationale catégorie 13 taona, nandray anjara tamin'ny Meeting de l'océan Indien tany La Réunion / 2018: sélectionnée tamin'ny équipe nationale nanao stage 4 volana tany Chine/ Nanana titres nationaux tamin'ny catégorie any sy catégorie

Tena naina tanteraka tao anatin'ny fanatanjahantena ity fianakaviana ity.

Open. Nijanona ny 2020 fa lasa légitime. – Randrianaina Harifaly (Bibs). : Ancien détenteur des MP 400 NL et 1500 NL. Champion de Mada tamin'ny longue distance. Nikohizan'ny mpilomano rehetra, noho ny tanjany tamin'io courses lavalava io / champion de Mada tamin'ny grand fond de Mantasoa 2013 tamin'ny catégorie-ny/ 2017 Équipe nationale nanao ny CJSOI tany La Réunion / 2019 : Nijanona tsy nanao compétition intsony fa nivadika taranja (saxophoniste malaza ankehitriny misalotra ny nom d'artiste BIBS). Io souffle nananany tamin'ny longues distances lomano io no tena hitako hoe tsiambaratolony any amin'ilay fitsofana sax.

Gazetiko : Noterena sa efa tao anatin'ny ran'ny zanakao ny Lomano?**RHMS :** Tsy noterena, fa nanaraka ahy teny ambody rano teny dia lasa mpilomano koa.**Gazetiko :** Ahoana izany hoe miaraka manao ny taranja Lomano nareo mianakavy?**RHMS :** Misy fotoana tafiraka manao course izahay 3 mianaka. Izaho catégorie Masters. Tena faniriako tamin'ny fainako izany. Nefanteraka, Tsaroako daholo ny fotoana nandresen'izy 2 lahy ny zava-bitako. Rehefa any amin'ny vacances taloha efa elia dia manao course izahay 3 mianaka. Mbola mifanandrina tsy manaiky resy tamin'izany fa izao

Rabenaivo

Judo - Mada 2024**Mpikatroka hatramin'ny 419 no mifaninana etsy Ankorondrano**

Nanomboka omaly ary hitohy anio etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2024, ho an'ny taranja Judo. Judokas hatramin'ny 419 no matrika izany avy amin'ny klioba 9. Nambaran'ny filohan'ny federasiona, Said Eric Bruno, fa betsaka ireo mpikatroka tamin'ity ary ny tena nahafinairitra indrindra dia tonga niatrika izany Ligim-paritra zandriny indrindra dia ry zareo Atsimo Atsinanana izany.

Grand slam

Tsy anisan'ny handray anjara amin'ity fiadiana ny Tompondakan'i Madagasikara ity moa ny nomerao1 Malagasy, ramatoakely Rasoanaivo Laura, ho an'ny latsaky ny 70 kilao. Ny faran'ny herinandro izao izy no hiatrika ilay « grand slam » tante-rohana any Antalya Torkia.

Tsy mandray anjara i**Laura, izay hiatrika****grand slam, sy ny fiadiana****ny tompondakan'i Afrika****ary ny fiadiana ny tompondaka eran-tany.**

tompondaka eran-tany any Abu Dhabi (18 may). Mbola tsara toerana moa izy, izay laharana faha-5 amin'ireo 12 mirahavavy miady ny tapakila. Ilay atsy Le Caire ihany koa dia tsy afaka ialana satria 700 be izao ny isa ho an'ny tompondaka.

Dojo Nasionaly !

Anisan'ny vaovao lehibe koa ny nambaran'ny filohan'ny federasiona, fa higadona ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina amin'ny 11 avrily izao, ireo fampitaovana apetraka ao amin'ny Dojo Nasionaly. Ny olana, tsy mbola manana « acces » ao amin'ny Dojo Barea izahay, hoy ingahy Said Bruno Eric, ka tsy fantatra hoe apetraka aiza ireto fitaovana ireto, izay ahitana Tatamis sy fitaovana fanabokonana hozatra. Notsiahiviny, fa fampantanenana nataon'ny filohan-pirenena io, taorian'ny fanohanana'ny ambasadon'i Japon ny federasiona hanolatra fampitaovana ny Dojo Nasionaly.

Rabenaivo



Avy hatrany dia tsy nifampitsitsy ireo judokas omaly.

Kitra - "Fenêtre FIFA"**Nandray ekipa 16 niatrika ny fifaninanana i Maroc**

Nifarana ny lalao fanomanantena iraisam-pirenena tafiditra ao anatin'ny "Fenêtre FIFA". Ankoatra an'i Madagasikara, nampiantrano ny ekipam-pirenena Burundi "Les Hirondelles" sy Botswana "Les Zèbres" ary Rwanda "Les Guêpes", dia i Maroc no firenena nampiantrano mpifaninana betsaka indrindra tamin'ity taona ity. Mahatratra 16 ny isan'ny ekipam-pirenena matrika lalao 18 any Rabat. Erantany dia anisan'ny fifaninanana narahin'ny mpankafy kitra maro ny fihaonana teo amin'i Angleterre, izay nampiantrano an'i Bresil tany amin'ny Kianjan'i Wembley. Tamin'ny isa tokana 1 no ho 0 no nampiondrehan'ny Seleçao brezilianna ny tompon-trano, baolina tafiditr'i Endrick teo amin'ny faha-80 minitra nilalaovana. Nambaran'ny mpanaraka kitra fa anahirana ny mpifanandrina aminy ity ekipam-pirenena Bresil ity. Nanaitra ny sain'ny maro kosa ny nandresen'i Colombia 1 no ho 0 an'i Espagne tamin'ny baolina nampidirin'i D. Munoz (61 mn).

aris rafaly

Pejy manokana

Ny fetin'ny paska sy ny chocolat

"Tsy misaraka ary efa misy amin'ny endriny maro samihafa " hoy i Assia Rajaona

Tsy afa-miala amin'ny resaka chocolat ny fetin'ny paska. Hita amin'ny endriny maro samihafa izany ka anisan'izany ny atody, bitro sy ny maro hafa. Tanora mpanao chocolat, mbola vao miitary mihitsy no hizara ny traikefany sy ny lalana nizorany. Mandeha be mihitsy ny tsenan'ny chocolat ary efa betsaka rahateo ireo orinasa madinika miezaka manatsara ny tolotra.

Gazetiko: Nianarana manokana ve sa nolovaina tamin'ny ray aman-dreny ny fanaovana chocolat ?

Assia Rajaona: Nipetraka tany amin'ny faritra avaratry ny Nosy izaho sy ny Ray aman-dreniko taloha, faritra Antsiranana sy Nosy Be Hellville iny nandritra ny folo taona. Rehefa vanimpotoanan'ny fialantsasatra dia mankany Ambanja sy Sambirano. Ambanja moa no toerana foibe tena mpamokatra "cacao" raha eto Madagaskara. Eny an'alan'ny "cacaotier" izahay no milalao manao fanenjika tamin'izany. Tena nahaliana ahy ny mombamomba ny "cacao" hatramin'ny fahazazako. Tamin'ny 2018 aho no liana tamin'ny fianarana sakafo, ary tao anatin'ny programman'ny fiofanana nataokony fianarana ny chocolat. Nanao fanamafisana aho tamin'nytaona 2023.

Gazetiko : "Oeuf de Pâques" misy dikany manokanave hoanao?

Assia Rajaona: Ny fifanolorana ny "oeuf de Paques": fomba iray tany



Assia Rajaona, mpandrahahaha amin'ny fanaovana chocolat.

amin'ny Antiquité moa io, dia narahin'ny taranaka vazaha taty aoriania. Noraisin'ny kristiana moa izany rehefa vita ny Karemby ka eo no fotoanan'ny fifanolorana atody. Ny atody moa dia manamarika ny fitohizan'ny taranaka. Mitory fihavanana sy fitiavana ny fanomezana

izany eo anivon'ny fiarahamoina sy ny fianakaviana.

Gazetiko: Karazany ohathy ny ahoana daholo ny chocolatataonareo?

Assia Rajaona : Manao chocolat noir izahay, ilay 100%, ny tahan'ny "cacao" ao anatin'y, tena mangidy ny tsirony. Ireo diabetika no

tena mpanafatra an'ny. Mahakasika ny "au lait" indray, dia 70% sy 63% no fanaonay. Tsara tsiro izy io sady betsaka no mpankafy azy. Ny "blanc" indray, izay 38% ny tahan'ny "cacao" ao anatin'y, fa ny beurre de cacao sy ronono no mamenno azy. Ny "assortiment" na ilay

"sesika" atao ao anatin'y moa dia vokatra eto Madagaskara ihany koa, toy ny "noix de cajoux" (mahabibo), ny confiture isan-karazany, ny "fruits confis", sy ny maro samihafa, arakaraky ny hetahetan'ny mpanjifa eo. Raha ho anay manokana dia isaky ny feti ihany no manao azy. Mandray komandy ihany koiraha misy lanonana ankafaliana toy ny Soratra sy Mariazy ary "soutenance de mémoire". Ny akora rehetra ampiasaina rahateo dia haferana avy any Ambanja avokoa. Sokolà artisanaly ny anay, tsy mampiassa loko (colorant) ary tsy mampiassa fitehirizana fa tena biologika. Fanta-daza manerantany moa ny hatsaran'ny kalitaon'ny "cacao" eto Madagaskara satria manana toet'andro mifandraika amin'ny fombafaniriny i Madagaskara. Ny "cacaotier" dia tsy maintsy iafolan'ny hazo be maniry eo amboniny mba tsy ho mintvana loatra ny fiantefan'ny orana eo aminy. Mbola tsy mohoatran'ny zato kilao isaky ny feti aloha izahay hatreto.

Nath

Atody

Tsy afa-misaraka amin'ny Paska ihany koa



Manan-tantara eo amin'ny fankalazana ny Paska ny atody. Mariky ny fiafina sy ny fihavaozana ny atody tany aloha elabe tany. Ny an-dry zareo Egyptiana ohatra dia misy ny fifanolorana atody voaravaka ho fanamarihana ny fahatongavan'ny lohataona. Raha eo amin'ny fiofana kristiana kosa dia midika ho fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, izay nivoaka ny fasana nandevenana azy toy ny fivoahen'ny akohokely amin'ny korany. Hatramin'ny taonjato faha-17 dia noraran'ny fiangonana ny fihinanana atody mandritra ny karemby. Manana fotoana hanatodizana ny akoho mandritra io fotoana io, ka angorina atao fifanolorana amin'ny Paska. Tany amin'ny "Moyen Age" dia manolotra atody miloko ranom-bolamena amin'ireo manodidina azy ireo mpanjaka. Anisan'

ny nitana io fomba io ohatra ny mpanjaka frantsay Louis XIV. Araka ny tantara noforonina tany aloha be tany dia mangataka ny

hanolorana azy ny atody lehibe indrindra eo amin'ny fanjakana ny mpanjaka masoandro, ary amin'ny andron'ny Paska no hanamasinany sy hizarany ireo atody voaraka volamena ho an'ireo manodidina azy. Ankehitriny, mbola misy ireo firenena manohy ny fomba

fifanolorana atody maroloko toy ny any amin'ireo firenena Slaves. Ny tany Eôrôpa Atsinanana ohatra dia efa niova tsikelikely ho lasa atody sôkôla nanomboka tamin'ny taonjato faha-18 ary lasa nahazo vahana be izany tamin'ny taonjato faha-19. Efa ela no nahatongavan'ity kolontsaina vahiny ity tetra Madagaskara. Ny any antseky no tena mbola mivohy ny fifanolorana atody maro loko mialohan'ny fialantsasatry ny Paska. Efa marobe koa ireo mpamokatra sôkôla no mamokatra sôkôla amin'ny endrika atody rehefa amin'ny fetin'ny Paska toy izao. Ary matetika miakatra foana ny vidin'ny atody rehefa amin'ny fotoan'ny Paska ary tena mitombobe ny fanjifana ireo atody miendrika sôkôla.

Nangonin'i R. Muray

Paska

Fototry ny finoana kristianina

Fankalazana ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ny fetin'ny Paska. Fototry ny finoana kristianina izy satra raha tsy nitsanganan'i Jesoa Kristy dia foana ny finoantsika. Araka ny fanazavana nentin'ny Mopera Fifaliana, hialohavan'ny 40 andro ny fanomanana ny paska ka manomboka amin'ny alarobian'ny lavenona izany fotoana izany. Misy ny karemby ataon'ny kristianina, fifadian-kanina sy fanaovana ezaka manokana miala amin'ny fahazarandratsy. Indro entina amintsika àry ireo dingana rehetra lalovana mandritra ny fanomananany paska.

Alarobian'ny lavenona : Ny lavenona dia manambara fibebahana sy fionanana amin'ny fialana amin'ny ratsy, famolahan-tena hiverenana sy hitodika amin'Andriamanitra.

Alahadin'ny sampankazo: Manomboka eo amin'ny alahadin'ny sampankazo ny fotoanan'ny herinandro masina ho an'ny finoana katolika. Ny sampankazo dia ankalazana ny nidiran'i Jesoa tamin'ny fomba manetriketrika tao Jerosalema nan-deha nanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra. Manofaofa tanana na miaraka amin'ny sampankazo ny kristianina.

Herinandro masina : Misy ny lamesa isan'andro mandritra ny herinandro masina izay fankalazana ny nidiran'i Jesoa tao Jerosalema sy i Jesoa Kristy maty. Mikaonfesy ny ota rehetra natao mialoha ny hidirana amin'ny herinandro masina. Misy ny hateloana masina izay manomboka ny alakamisy sy zoma ary sabotsy masina. Ireo no fototry ny finoana ho an'ny katolika. Fotoana namorongan'i Jesoa ny Eokaristia ny alakamisy masina ary niarahany nisakafo tamin'ireo mpianany. Ny zoma masina indray no fankalazana ny njalian'i Jesoa. Amin'io fotoana io ihany koa no iainan'ny kristianina katolika ny lalan'ny hazo fijaliana izay zavatra niainan'i Kristy, nilanja ny hazo fijaliana hatreny amin'ny tampon'i Kalvary. Ny sabotsy masina kosa no nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, efa fasana tsy misy azy intsony no hita satria efa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa. Ny alahadin'ny paska kosa no feti fankalazana ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty.


Nath

Pejy manokana

Paska

Fety voalohany araka ny litorjika Krisitiana

Ny teny hoe Paska na Paka dia avy amin' ny teny latina hoe " Pascha " vakina hoe: Paska izay azo avy amin' ny teny grika hoe Paskha, izay avy amin' ny teny Arameana hoe " Paskha " sy ny teny Hebreo hoe " Pesakh " midika hoe: "mandalo eo ambony". Io teny io dia nenti-nanondro ny fety Jiosy izay ahatsiarovana ny fivoahan' izy ireo avy tany Egipta.



Famaritana ny datin' ny Paska

Andro Alahady eo anelanelan'ny 22 Marsa ka hatramin'ny 25 Avrily ny andro ankalamazana ny Paska. Amin'ny ankapobeny dia tsy mitovy ny andro ankalamazana ny Paska ho an'ny Kristiana tandrefana izay mampiasa ny tetiandro Gregoriana sy ny Kristiana Tatsinanana izay mampiasa ny tetiandro Joliana. Efa voafaritra avokoa ny daty hankalamazana ny Paska hatramin'ny taona 2030 raha araka ny Tetiandro Gregoriana. Ho an'ny taona 2025 dia ny 20 avrily no hankalamazana azy, amin'ny 2026 dia ny 5 avrily, 28 Marsa amin'ny taona 2027, 16 avril ny taona 2028, ny 1 avrily ny taona 2029 ary 21 Avrily no hankalamazana amin'ny taona 2030.

Fety voalohany araka ny litorjika Krisitiana

Ny Paska no fety voalohany ankalazaina araka ny tetian-

dro litorjika kristiana (na taom-piangonana) nanomboka tamin' ny taonjato faha-2. Tsarovana amin' izany ny fiaraha-misakafo farany sy ny fijalian' i Jesoa ary ny fitsanganany ho velona. Samy manana ny fomba fankalazany ny fetin' ny Paska ny fiangonana tany aloha. Ny sasany amin' ireo Rain'ny Fiangonana dia nankalaza ny Paska Kristiana tamin' ny andro ankalamazana ny Paska Jiosy, indrindra ireo fiangonana Siriaka izay manaraka ny fomba trrainy. Ireo tao amin' ny Fiangonan' i Roma kosa dia nankalaza ny Paska amin'ny Alahady manaraka ny Paska Jiosy, ka mampisongadina ny Fitsanganan' i Jeso tamin' ny maty ny ampitson' ny andro Sabata. Ny Fiangonana Loterana, Fiangonana Katolika Romana sy ny Fiangonana Ortodoksa dia mankalaza ny Paska kristiana.

Fiangonana mankalaza Paska amin' ny 14 Nisana

Nisy ny vondrona mpivavaka sasany izay nisafidy ny han-kalaza ny Paska kristiana mifanaraka amin'ny datin'ny Paska Jiosy, izany hoe amin' ny faha-14n' ny volana. Nisana izany ho an'ny Fiangonan' Andriamanitra (Andro Fahafito) sy ny sasany amin' ireo Batistan' ny Andro Fahafito. Ny Vavolobelon' i Jehovah manokana dia tsy mankalaza Paska fa mankalaza ny ataony hoe Fahatsiarovana (Memorial). Ny nisaina dia volana voalohany amin'ny tetiandro hebreo ampiasaina amin' ny fivavahana jiosy (judaïsme) izay anarahana ireo andro firavoravoana ao amin' io fivavahana io. Volana fahafito kosa izy ao amin' ny tetiandro hebreo ampiasain' ny olona andavanandro ivelan' ny fivavahana, ka raha miampy volana fahafelo ambin'ny

folo ny taona hebreo dia volana fahafalo ny Nisana. Isan'ny volana amin'ny lohataona ny Nisana izay misy telopolo andro. Eo amin'ny volana Marsa na Avrily ao amin'ny tetiandro gregoriana ny volana Nisana. Ny teny nogasina hoe Nisana dia avy amin'ny teny hebreo hoe « Nisan ».

Ny Quakers sy ny Kongregasionalista ary ny Presbiteriana

Ny Fiangonana Protestanta sasany kosa indray dia nanana ny fomba fandraisny izany fety izany, dia ireto: ny ankamaroan' ny Anabatista, ireo atao hoe Quakers ny Kongregasionalista, ny Presbiteriana milaza tena ho mpandala ny madio dia mihevitra ireo fankalazana ireo ho zavabetaveta. Raha ny fomba fanaon' ny fiangonana na ny fankalazana fety iray no tsy voasoratra ao amin' ny Baiboly, izany fomba na fankalazana izany dia tsy maintsy ho zavatra noforonina taty aoriania ary tsy tokony ho raisina ho fomba na finoana kristiana marina, noho izany dia tokony ho heverina ho tsy misy ilana azy na fahotana mihitsy aza.

Ny Restored Church of God

Ny antokom-pivavahana sahala amin' ny Restored Church of God na ny "Fiangonan' Andriamanitra Nohavaozina" dia tsy manaiky ny fankalazana ny Paska, satria ataony fa avy amin'ny fomban'ympanompo sampy izay mankalaza ny fetin' ny lohataona noraisin' ny Fiangonana Katolika

Romanaizany.

Ny Anarana Masina sy ny Fiangonana Velon' Andriamanitra

Ny Kristiana sasany dia mahatsapa fa ny Paska dia zavatra tokony ho heverina amin-kafaliana: tsy fanamarihana ilay andro ihany, fa fahatsiarovana sy firavoravoana amin' ilay zavantiranga tsy ho hadinoina, dia ny fahagagana ny amin' ny nitsanganan' i Kristy ho velona. Noho izany, izy ireo dia mampianatra fa ny andro

tsirairay sy ny sabata rehetra dia tokony ho masina avokoa, ao amin' ny fampianaran'i Kristy. Ny Hebreo-Kristiana, ny Anarana Masina (Holy Name), ary ny antokom-pivavahana' i Armstrong (sahala amin' ny Fiangonana Velon' Andriamanitra (Living Church of God) dia tsy manaiky ny Paska kristiana fa mankalaza kosa ny Paska Jiosy amin'ny 14 Nisana

Nangonin'i Tiaray R



Sarisary zary tenany

Kambana

Hatsikana an-tsary

Tany amin'ny Dezera


**Masoandro
iposaka****MARKA 14: 22-23**

Ary raha mbola
nihinana izy,
Jesosy nandray
mofo; ka nony efa
nisaotra, dia
novakiny ka
natolony azy ary
nataony hoe: Raiso,
ity no tenako. Dia
nandray kapoaka
Izy, ka nony efa
nisaotra, dia
natolony azy; ka
dia nisotroan'izy
rehetra izany.

Indray mipika

Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

**Ohabolana**

Ny varavarana no
anton'ny trano;
ny vavahady no
anton'ny vohitra;
ny kiady no anton'
ny saha.

Sans portes il n'y a
pas de vraie maison;
sans portail, il n'y
a pas de village;
sans perche (de
défense) il n'y a pas
de champ.

Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3208

5									
6	7		4						9
4	8								7
1								3	
2			5					5	
5					6		2	4	
9					1		5		
2		7							8


Valin'ny laharana 3207

8	9	1	4	7	6	5	3	2
7	5	6	3	2	1	8	9	4
2	3	4	8	9	5	7	6	1
1	4	3	7	5	9	6	2	8
5	7	8	6	4	2	3	1	9
6	2	9	1	3	8	4	5	7
3	1	5	2	8	7	9	4	6
9	6	7	5	1	4	2	8	3
4	8	2	9	6	3	1	7	5

TENY MIAFINA N° 807

Mifamono tsiroarao ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny mafina. Tsipio ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy mananelanana afa tsy litera efa voatsipika.

Vakiana tsotra ny valiny.



05 litera

Val in'ny teny mafina 806 : ANDATABO

VALIN'NY**Kakuro 806**




6	8	9	4	8	7	4	9	8	
4	6	7	8	5	9	5	1	7	6
2	4	5	6	3	1	7	8	9	
5	7	8	9	6	4	1	2	9	8
1	3	4	5	2	6	8	9	3	1
3	9	2	1	3	4	6	9	7	5
5	9	7	1	2	3	5	6	4	2
5	2	7	4	6	8	9	7	8	2
2	1	4	3	5	7	6	9	8	
8	9	5	1	2	3	6	4	7	5
3	7	1	4	2	5	4	2	6	1
6	8	3	7	4	9	7	3	8	2

VALIN'NY**TENY MIRANDRANA Lah. 7832**

- M A N D O S I R A
- N I V O A D I ● ● N
- A T O N O I ● ● M D
- F O ● O ● N A N I A
- E R ● N I A N T S O
- N I D I T R A ● O ●
- I A O ● ● E ● ● T ●
- K ● M I T O E T R A
- O M B A I ● ● O ●
- S O L A F A K A ●

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo amby, asio soratra eo amby, dia fantaro izay tiany holazaina.



Valin'ny hafatra omaly

MISOTROA RANO MATETIKA HIANAREO

TENY MIDINA

1. Mitempo anaty

2. Motro

3. Didipoitra

4. Tsenabe

5. Idiran-doza

Valin'ny TENY MIDINA omaly

1. RA
2. ARO
3. ROTA
4. TAIRO
5. ROTIKA

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.

Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. **Fito** izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?

J 7832 A

J 7832 A

LALAO : TELOMIOVA

Tsipio ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

I	F	O	V	A	I	N	S	A
I	N	F	G	D	A	N	N	T
L	I	A	I	N	E	H	I	N
O	A	N	I	R	A	K	A	M
R	T	M	A	R	O	T	D	P
A	E	N	O	T	N	I	D	T
O	A	N	A	K	O	T	A	N
I	A	M	O	N	A	V	I	N
I	S	N	A	K	I	N	A	F
I	I	N	I	M	A	V	I	N

DINTA	MPITAKI	NANONDRO	LAMOKANI	NATOKONI
RENOKA	VINANTO	FIRONANI	ONERANAI	NATOKANOA
MIVADI	MITAFIA	SONIAVO	AKARINAQ	FITORIANI
NITANGO	HARONAI	MATOKISA	NAVOTANI	

- Valin'ny Lalao omaly : - LAMOKANY - NETY

NY TONONANDRONAO ALAKAMISY 28 MARTSA 2024

Asorofany 18 apriily - 14 may

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

ASA: Raiso ny andraikitra sahaninao fa aza variana lotra amin'ny rendarerendra mandalo

FITAVANA: Tandremo ny manao zavatra tsy mety amin'ny hoavinaareo fa sao ka hanimba anareo roa izany

Alahasaty 15 may - 12 jona

Mila miasa mafy ianao anio mba ho hitan'ny lehibe anao oe mavitraka ianao

Asombola 13 jona - 11 jolay

Raha mitohy izao ady lava eo amin'ny fiaranahareo izao dia mety ho tapitra ilay tantaranareo

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Makà fialan-tsasatra kely raha azo atao aloha fa ilaina izany ho anao miasa mafy.

FITAVANA: Mila manao dingana amin'ny lalindalina kokoa ianareo roa dia manana tanjona tsara.

Alakoso 09 septembra - 08 oktobra

Mahaiza mandamina ny programa an'asanao

Alakarabo 11 aogositra - 08 septembra

Aza mila voa tsy hary fa hampaka lagy anareo fotsiny izany.

Adahady 16 january - 14 february

ASA: Makà "congé" aloha hierireretana tsara ny zavatra atao indray.


FITAVANA: Mahaiza mitatam-bola ianareo roa fa mety hampisy olana eo amin'ny lafiny ara-pitiavana koa ny tsy fahaizana an'izany.

Adaoro 15 february - 15 martsa

Mifalia amin'ny zava-bitanao fa aza variana mitsikera ny hafa aloha.

Adizaoza 16 martsa - 14 apriily

Manokana fotoana mba hiaranareo roa fa tsy tokony variana amin'ny zavatra hafa fotsiny



TONDRO-TENY**Valin'ny tondro-teny omaly**

N	A	M	I	T	A
A	N	A	N	A	•
N	A	T	O	N	O
E	N	O	•	O	N
N	A	R	A	R	I
O	K	I	H	A	N
•	O	•	O	•	A

TENY MIRANDRANA Lah. 7833

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

ASIO	IANAO	SAKAKO	ADIDINAQ	ALEFANAREO
RASA	ETOANA	ATOSIKA	TSIHINAI	
TOAKA	ILAINA	VADINAI	AKAIKNAO	
DINTA	ORONAO	NIONONA	SOAVADIA	

**KAKURO 807**

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsangana, amby ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Raha toa ary ka sendra norarahan'ny rano tsy nahy ny "clavier" ny solosaina na telefaoninao dia ataovy mihogoka aingana avy hatrany aloha ilay izy mba tsy ho lasa any anatiny any ny rano.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny Lalao omaly : TAOMIKO + MIHAVANA + MANKANY = MIAVAKA

R Niady izy mivady. Tsy naharitra ilay lehilahy ka nanekleny amin'ny varavarana.
E Andeha aho, hoy izy fa ho zakaiko avokoa izay fijaliana rehetra anao : na hanohana, tsy fananam-bola, kotro-baratra, biby masiaka, jiolahy, sns.
S Nivoaka ny trano izy dia niverina indray koa izy.
A - tsara vintana ianao fa avy ny orana.

HE
HEY

HOTSAKOTSAKOINA

"Izay rehetra tianao hataon'ny hafa aminao no aoka hataonao amin'ny manodidina anao." Ny Vetso (15.10.16)
("Ne fais pas aux autres ce que tu ne voudrais pas qu'on te fasse.")

Raiamandreny maromaro**Miantso ny hifandaminan'ny samy malagasy****Ampahany tamin'ireo Raiamandreny tazana teny Tsimbazaza omaly.**

Manoloana ny toe-draharam-pirenena mafamapana ankehitriny. Raiamandreny maromaro indray no tonga nanao fanambarana teny Tsimbazaza omaly, niantso ny hifandaminan'ny samy malagasy. Notsiahivin'izy ireo, fa « Tany misy olobe tsy miady zaza ». Nijoro ho mpampihavana ny zana-drazana rehetra na ny ao amin' ny fitondrana, na vahoaka tsy mandady harona, na mpiasam-panjakana, na miaramila na ny mpivavaka, sns. Nanao antso avy ny raiamandreny avy any amin'ny «Triangle du Nord» ny mba hifandaminan'ny samy malagasy fa tsy hisaritaka lava izao. « Tokony hifandamina, fa tsy hifandrafy amin'ny hevitra tsy mitovy satria hanavotra ny firenena no tanjona. » hoy izy ireo satria efa tafalatsaka anaty fahantrana laina ny firenena.

Nangonin'i Niry R.

Tsiafahy**Fiara sy môtô nifandona, olona iray naratra**

Nisehoana lozam-pifamoivozana afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro tany amin'ny lalam-pirenena fahafito iny, PK 17+-800 tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambatofierana ao anatin'ny fokontany Ankorondrano kaominina Tsiafahy. Fiara mazda iray sy môtô scooter no nifandona tamin'io fotoana io ka olona iray no naratra vokatr'izany. Tany amin'ny fiolanan-dalana no nifandona ilay fiara sy ilay môtô nifanena taminy. Ity farany izay avy any Antananarivo hihazo an'Ambatofotsy. Nianjera ilay môtô ary naratra ilay mpitondra azy. Ankoatra izay dia nahitana fahasimbana io kodiaran-droa io.

T.H

Gazetiko

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosiaety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivony RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandrahahana :
Lalana Ravoninahitriinarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 038 34 344 34
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 610 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro**Cuisse dame**

Zavatra ilaina : lafarina 500g, atody 2, siramamy 150g, ronono 1kaopy, levure chimique 1/2fonosana, menaka 3sotro. Fikarakarana azy : Kapohina ny atody atao mandroatra tsara. Alefa tsikelikely ny siramamy sy ny menaka dia kapohina hifangaro tsara. Alefa ihany koa ny ronono sy ny lafarina ary ny leviora. Rehefa mifangaro tsara dia haroina amin'ny sotro hazo mba hahazo bolabola. Avela hilona mandrina ny atsasakadiny eo. Rehefa izany dia bolabolaina tsikelikely ary atao mahazo endrika lavalava avy eo. Rehefa vita izy rehetra dia avela hipetraka 20minitra eo indray mialohan'ny hanendasana azy. Avela hafana tsara ny menaka vao endasina. Rehefa mahazo loko dia vita. Mazotoa homana!

MANAMPY ANAO

Permanences
23 mars au 29 mars 2024

PHARMACIE DE GARDE**ANTANANARIVO 24H/24H et 7/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanieran - 020 22 355 09 / 034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29 / 034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andraovahangy 020 22 255 51 / 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE D'ANTANANARIVO 24H/24H et 7/7

- Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
- Grazia - Itaosy - 034 67 733 62
- Anosizato - 020 22 631 43
- Ambohibao - 020 22 482 64
- Avaradrano - Analamahitsy - 020 22 423 65
- Ambohitsry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
- Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
- Hasin'ny Aina - Mandroseza - 034 99 776 21
- Ivato - 020 22 442 95
- Ambohidratrimo - 034 29 358 45
- Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
- Sabots Namehana - 034 88 001 03
- Amboara - Anosiola - 034 52 610 64
- Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
- Ambohimangakely - 034 25 372 52
- Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75
- Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
- Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
- Palais - Mandrimeva lavoloha - 032 42 713 67
- Ankadindratombo - 032 82 588 02 / 034 02 588 02
- By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
- Abundance - Ifarify Ankaraobato - 034 75 214 36
- S Namehana - Sabots Namehana - 034 81 689 47
- Mitondraso - Fenoarivo - 034 01 707 07
- Bongatsara - Bongatsara lavoloha - 034 07 742 23
- La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
- Sea Ny Aina - Tsarahonenana - 034 31 018 20
- MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
- Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

- BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
- ANTANIMENA TEL 22 303 86
- TALATAMITY TEL 22 588 51
- ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOMA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 034 01 015 55 / 032 07 255 52

" Forum National Mini-basket 2024 "**Mpanabe zaza madinika tamin'ny ligy 7 nahavita fiofanana****Tsy moramora ny mitaiza mpilalao madinika (Sary a.r.)**

Tao anatin'ny roa andro misesy no nanaova ny Zaikabem-pirenena ho an'ny Zaza madinika tamin'ny taranja basket-ball, fantatra amin'ny hoe "Forum National Mini-basket" andiany fahao, teny amin'ny Japan'ny fanantanahantena sy Kolontsaina Mahamasina. Nahatratra 133 ny lalao isan'ny delegasionany niatrika ny fiofanana, izay nahitana mpanabe sy ankizy mpilalao latsaky ny 12 taona. Isantaona no hanaovana ny fam-piofanana entina hamentana ny ankizy ho tia ny taranja basket-ball. Araka izany dia tsy fifaninanana no ampanao vina azy ireo fa fam-pahafantarana dieny mbola

kely ny fototra amin'ny filalao-vana an'ity taranja ity. Toraka izany koa teo amin'ireo mpanabe nampiofanina mba tsy hanao kitoatoa amin'ny fitaizana an'ireny ankizy mpilalao ireny. Marihina fa Vaomieran'ny Mini-basket ao anivon'ny FMBB, tarihindRtoa Onja Soloharinivo, no tompon'antoka tamin'ny fikarakarana an'ity Zaikabem-pirenena ity. Miara-miasa taminy tamin'ny fampiofanana natao ny mpanazatra isany Andry Andriamampiandra sy Helina Randriantato, izay samy mpitantana klioba avokoa. Anterina fa efa nahazo fiofanana tamin'ny FIBA izy ireo, ary mampita ny traikefany amin'ireo tanora namany. Araka ny fanamarihana natao dia tsy fifaninanana no natao tamin'ny Zaikabem-pirenena fa fihonana sy fifanakalozan-kevitra ary fifampizaraana ny fahaizamanao an'ity taranja ity. Taorian'ny fanamaranana ny fiofanana dia notoloran'i Jean Michel Ramatoson "Mika" amboara avy ny ankizy nandray anjara rehetra. Ny mpanabe koa tsy adino fa nahazo fitaovana, entiny hanofananany mpanazatrany any amin'ny ligim-pariny avy. Ilaina tokoa ny fanofanana ifotony ny mpilalao sy ny mpanabe azy ireny, Izay tsapa fa tsy ampy amin'ny mpitanta taranja ara-panatanjantena sasany. aris rafaly

TELEFAONINA ILAINA**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE - 4 RUE JOSEPH RAMANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél.: 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAGO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOKO TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARODAHOA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 73 / 033 15 836 60

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

- ATRIUM ANKORONDRAKO Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS


- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1^{er} ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2^{er} ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3^{er} ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4^{er} ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5^{er} ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6^{er} ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7^{er} ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8^{er} ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22



Avoakan'ny Fikambanan'ny Poetry sy ny Mpanoratra Malagasy Havatsa-UPEM - Laharana 335 - 28 Marsa 2024

MATOANDAHATSORATRA

Fararanon-tononkalo

Volana mara isika izao. Maro ny hetsika manamarika izany na ho an'ny andro eran-tany, na ho an'ny andro iraisam-pirenena, na ho an'ny androm-pirenena na ho an'ny andro fahatsiarovana. Fa amin'ny maha Poetry ny Havatsa-UPEM dia asongadinay ao anatin'izao matoandahatsoratra izao ny nankalazanay ny 21 marsa teo dia ny andro eran-tany ho an'ny poezia. Tonto-loandro mandraka alina no nankalazana izany. Koa ny maraina nanomboka tamin'ny 10 ora dia nikalo tokoa ireo Mpikambana sy ireo Mpanoratra namana ary ireo Mpandalao nandritra ny tontolo andro tamin'ny alalan'ny "Tabataba an-tononkalo an-tokotany" teo an-tokontanin'ny Tahala Rarihasina Analakely. Fiantsana sy fampirantiana ary varo-boky no nentina nanamarika izany, ny masoandro nody no nampalahelo. Nitohy tamin'ny "antsa tononkalo ampitain-davitra" tamin'ny alalan'ny "zoom". Nanomboka tamin'ny 8 ora alina ary tsy nifarana raha tsy tamin'ny 11.30 alina. Poetry sy mpankafy antsa tononkalo marobe no nanatrika tao.

Raha iverenana kely ny fanazavana momba ity poezia ankalamaina ity dia toy izao. Araka ny angano, toa zary loharanon'ny poezia, fony faha Orphée ilay voalaza fa lahimatoan'ny Poetry dia efa tsinjotsinjo fa ho zava-kanto tsy ho lefin'ny vanim-potoana hifandimby, hikoako maneran-tany, hampiasain'ny Firenen-drehetra, hitantana fiainan-piarahamonia sy fiainan-pirenena ary fiainan'izao tontolo izao ity poezia ity. Ny vanim-potoana no mivoava sy mivoatra, fa ny poezia dia poezia eny hatrany : tao ny vanim-potoana naha miramirana ny mponin'izao tontolo izao, tao ny vanim-potoana nampanembona ny mponin'izao tontolo izao, tao ny vanim-potoana nampitanondrika ny mponin'izao tontolo izao, tao ny vanim-potoana naha mafady ny mponin'izao tontolo izao, tao ny vanim-potoana nisian'ny ady saritaka teo amin'ny mponin'izao tontolo izao, tao ny vanim-potoana nitrakan'ny mponin'izao tontolo izao, Nisy fientanana sy fihetsahem-po zary tara-kevitra ho an'ny poezia avokoa izany rehetra izany. Ary maro ireo voambolana poetika mibaiko ny fiainan'izao tontolo izao, entina mitondra fandriampahalemana, ohatra, raha tsy hiteny afa-tsy ny voambolana toy ny hoe "Demôkrasia" isika.

Eto anivor'izao tontolo izao isika Malagasy. Afaka mba mihambo ihany fa anisan'ireo Firenena manana poezia maroloko. Nandalo tamin'ny fiainan'ny Malagasy mantsy ny sedra maro samihafa, ka niteraka ireo vanim-potoana voasokajy ho "krisitianina", fakan-tahaka", "fiforetana anaty", "mitady ny very", sy ny sisa.

Fa rehefa nijoro ireo Poetry nivondrona nanangana fikambananana tamin'ny 1952 dia tsapan'ireo Malagasy tamin'izany fa misy rivota mitsoka mitondra amin'ny fivoaran'ny tantaram-pirenena sy mandrehitra hatrany ny afon'ny fitiavan-tanindrazana. Ny filazana zava-mampalahelo momba an'i Madagasikara dia miteraka hambo sy fitserana, fa ny filazana zavatra kanto momba an'i Madagasikara dia miteraka hambo sy fitroarana ho an'i Madagasikara. Nosy sambatra, hoy i Odéam Rakoto, iray amin'ireo 15 mirahalahy nanorina ny UPEM tamin'ny 1952:

Ry Madagasikara

Nosin'ny Malagasy

Hiraina sy atao tantara

Nosoratana an-taratasy,

Kaloir'ireo Poetry

Fa toerana tsy mba roa

Ireo tompon-tany ao

Sy vahiny ao

Mankamamy koa...

Hoy izahay : raha tena tia ny Fireneny ny olona iray dia hanompo ny TANINY, hitazona ny TENINY, hiventy ny TATARANY.

Hajaina ANDRIANASOLO

FANAZAVANA OHABOLANA

« Aza manao toy ny tsipolitra ka antitra vao tia sangy »

Karazan-javamaniry eny an-tanety eny ny tsipolitra. Ny tsipolitra avy mamelana no antsoina hoe tsipolitra antitra. Misy tsirany madinika maintaimainty eo amin'ny laingo nitondra ny felany. Misy volombolony kely ireo tsirany ireo, mahatonga ny tsipolitra ho mora manara-dam-ba mikasoka aminy. Fahiny moa, nitafy lamba manarona ny watana manontolo ny olona, na lavy na vavy. Rehefa manivatsiva eny an-tampon-tanety eny dia tsy ilaozan'izay handalo tsipolitra. Marobe tokoa ny tsipolitra indray miraikitra amin'ny lamba ary mitaky fotoana ny fana-lana azy, tsimponina tsirairay mifitsy. Ilo fantsampantsampazana sy firaketan'ny tsipolitra amin'ny lamba sendra azy izy no asehon'ny sari-teny eto hoe "tia sangy". Fihetsika na fomba mahazatra ny ankify sy ny zatovo ny sangy. Rehefa mitombo taona kosa ny olona, miha olon-dehibe, dia miala tsikelikely amin'izany toetra izany. Raha misy olon-dehibe mbola tia sangy ihany, dia heverin'ny maro ho mifanhin-jaza. Io hevitra io indrindra no ambaran'ity ohabolana ity. Ny lehilahy lehibe na ny vehivavy lehibe, izay heverina ho toy ny efa tena rai-mandreny, mendrika ny hohajaina amin'izany maha raiamandreny azy izany, kanefa mbola mampiseho fihetsika na fomba kivalavalana, no tondroina amin'ny hoe "tsipolitra ka antitra vao tia sangy". Heverina ho manetra voninahitra sy mandetsy hasina ny toy izany.

RANJATOHERY Harilala

ANDALA-NOTSONGAINA Atolotr'i Jacynthe

Tsy ho tanteraka anefa ny filaminanana ary tsy hanjaka ny rariny, raha tsy arovana koa ny lehibe mba tsy hanaovan'ny madinika anksomparana, fa hazo avo hilan'ny rivotra

Takelaka notsongaina 2°
tak. 451

VOAMBOLANA

Lovoka : (1) helodrano.

Oh. : Be lovoka ny faritra avaratra andrefan'ny Nosintsika. (2) Dobo: Lovoka tsy hisahala farihy.

Harina : fitaovana fanolanam-pary hanaovana siramamy gasy.

Oh. : Nanangana harina ilay tovalahy fa te hiavo-tena amin'ny fanaovan-tsiramamy.

Dikitra : tezitra, tafintohina noho ny teny na ny nataon'ny hafa.

Oh. : Dikitra mafy Ingahy Tale.

Tandroho : fitaovana enti-manihika mitovy endrika amin'ny sobika, nasiana makaraka madinika, natao tamin'ny hazondrano.

Oh. : Raha mitsipelika ho trondro ianao, misy tandroho tsara ladina aty (hain-teny).

Mandrora : (1) Miety.

Oh.: Lehilahy nitsikian'ny vintana ka nahavory harembe an-tsaha sy an-tanàna, saingy nitahiry an-karon-doa-body, ka mandrora zary tsy manam-bari-aventy no niarafany.

(2) Midina, mitambotsotra.

Oh.: Mandrora ny andro (izany hoe efa mihamihilana eny andrefana ny mao-saandro).

(3) Mihena, lefy.

Oh.: Arakaraka ny fandrosoan'ny taona no mety hahatonga ny saina ho mandrora.

Dimbana : tsy fitovian-tanana eo amin'ny zavatra iray fa misy avo sy iva na fababangana, tsy filaharana mahitsy fa misy mibiroka na mitsivaka.

Oh. : Tandrokomby dimbana, ka ny iray manondro lanitra, ny iray mitsilo tany.

RANJATOHERY Harilala

IZANY MOA ...

NY LALAON-TSAIN'NY NTAOLO (tohiny)

Ho tohin'ny lahatsoratra tamin'ny laharana teo aloha dia la-laon-tsaina misarina tantara ampiasana hainteny iray hafa indray no atolotra antsika, dia ny amin'Andrianarisaina sy Rafotsiarifanahy.

«Ary nanambady roa, hono, Andrianarisaina, ka Rafotsiarifanahy ny fahatelony. Dia hoy Andrianarisaina : "hamono omby telo aho, ka ianareo telo mirahavavy no hitantana azy, ka izao no izarao azy: 1° ny lohany omeo ny kiadry; 2° ny feny omeo ny "atero ka alao"; 3° ny tsinainy avalano rano; 4° ny tongny sy ny fadiny omeo ny bozaka aman'ahitra; 5° ny trafony omeo ny masoandro amam-bolana; 6° ny tratrany omeo ny havam-bao; 7° ny mananetiny omeo ny hazo namoa vola; 8° ny iliny omeo ny hazo tapaky ny sampy; 9° ny lelany omeo ny havan-draha soa; 10° ny atiny omeo ny tsy manary an-kahoriania; 11° ny havokavony omeo ny zanaka andriamananjaka; 12° ny vodiny omeo ny andriamanitra hita maso.»

«Dia lasa Andrianarisaina, ka hoy ireto vadiny roa vavy: "tsy fantatray izay homenay izany, fa avelao hiandry an'Andrianarisaina." Ary ny an-dRafotsiarifanahy dia nozarainy: 1° ny lohany dia nomeny ny loholona, fa izy no kiadry ny fanjakana; 2° ny feny dia nomeny ny mpankarena, fa ny ateriny amin'izany ny "atero ka alao", satrila mbola hovaliany soa; 3° ny tsinainy dia nomeny ny malahelo, fa ny lasan'reny sahala amin'ny avalan-drano, fa tsy misy valiny; 4° ny tongony sy ny fadiny nomeny ny mpanompo fa izany no toy ny bozaka aman'ahitra; 5° ny trafony nomeny ny ray aman-dreny, fa izy no masoandro sy volana; 6° ny tratrany nohazoniny ho azy vadiny aman-janany, fa izy no havam-bao; 7° ny mananetiny nomeny ny rafozana, fa izy no hazo namoa soa satrila naitana ny vady; 8° ny iliny nomeny ny zaodahy sy ny zaobavy, fa ireo no hazo tapaky ny sampy, fa nifanapa-tsinay tamin'ny vady; 9° ny lelany nomeny ny ankabezan-tsaka, fa izany no havan-draha soa; 10° ny atiny nomeny ny atin-kavanaugh sy ny sakaza tia, fa izany no tsy manary an-kahoriania; 11° ny havokavony nomeny ny vinanto, fa izany no zanaka fandriana amorom-patana; 12° ny vodiny nomeny ny Andriamanjaka fa izy no ataony ho andriamanitra hita maso.

«Ary nony tonga Andrianarisaina dia hoy izy: "iza avy no nomenareo ny henà?" Dia hoy izy mirahavavy vadibeny: "tsy fantatray izay homenay azy, ka najanonay hiandry anao." Ary hoy kosa Rafotsiarifanahy: "iza no nitantanaka azy" – dia ireo voalaza ambony ireo. Dia nisao-ran'Andrianarisaina izy mirahavavy vadibeny, fa Rafotsiarifanahy ireny no vadiny, fa izany no nanaovan'ny ntalo hoe: "ny tarehy tsy mahaleo ny fanahy", ory "ny zaza fito tsy mahafehy trano, fa ny fanahy fito no mahafehy trano."»

Nalaina tao amin'ny boky "Tantara sy fomban-drazana" nosoratan'i Rainandriamampandry, nivoaka tamin'ny 1972, tak.58-60.

Hitantsika eo amin'ny tantara kely miravaka hainteny io ny lanjan'ny fahatakan-javatra sy ny fananam-pahendrena amin'ny fahaiza-mandanjalana ny atao avy amin'ny fanahy andalana ao anaty. Nitsapa ny fahendrena tao amin'ireo vadiny lehila Andrianarisaina. Niavaka ny maha vehivavy hendry an-dRafotsiarifanahy, sady mahadinika sy mahataka-javatra no mahay mandanjalana ny atao amin'ny fitantanana sy fitondrana ny tokantranony, fototry ny fandalam-pihavanana amin'ny manodidina azy, na ny akaiky manolo-koditra toy ny ray aman-dreny, ny rafozana, ny zaodahy, ny zaobavy; na ny lavidavrira, toy ny sakaza, ny mpiara-monina, ny mpanompo, ny manampahefana... Ny fanabeanzaana ntalo nifototra tamin'ny fandranitanana ny saina hataka-javatra amin'ny alalan'ny fampiasana ny ankifidy, ny ankamantatra, ny ohabolana, ny hainteny, no fomba nanan'an'ny fahiry fahiratan-tsaina mampitologaga tahaka izay nananan'ny dRafotsiarifanahy. Na ny anarany aza dia efa mampiseho izany fananany fanahy lanina izany.

RANJATOHERY Harilala

Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy

GAZETY VALIHA

Mpanoratra :

Célestin ANDRIAMANANTENA

Talen'ny famoahana :

Hajaina ANDRIANASOLO

Tonian'ny fanoratana :

RAINIHAROMISA Farjanialaina

Tonia mpanampy

Itsipika RAMORAVELONA

Kominin'ny fanoratana :

-RANJATOHERY Harilala

-RAZANAMPAMONY Dannie

-RADOMANTANOANINA Tahirisoa

-RAHEZARISOA Sannie

Feibe : Tahala Rarihasina Analakely

Tel. +261 34 01 367 51

Mailaka : havatsa.upem@gmail.com



• ANTSA TONONKALO AMPITAIN-DAVITRA

Notanterahina ny ALAKAMISY 21 MARSA 2024 nanomboka amin'ny 08 ora alina ka hatramin'ny 11.30 alina tao amin'ny «Zoom»

<https://us06web.zoom.us/j/7093167613?pwd=2GdrutH2RX-T0WpOV6NC2yovKzbKx.1>

Niompana tamin'ny lohahevitra

- Vehivavy (noho ny 08 mara)
- Poezia (noho ny 21 marsa)
- Ady amin'ny fanavakavaham-bolon-koditra (noho ny 21 marsa)
- Teny malagasy (noho ny 26 marsa, faha 201 taonan'ny abidia)
- Tolom-panafahana (noho ny 29 marsa)

Ramatoa Filohan'ny Havatsa-UPEM manontolo no nanokatra ny fotoana tamin'ny 8 ora alina. Hanitr'Ony (Frantsa) sy Lolontiala (La Réunion) kosa no nikajy ny sehatra teknika sady nanolotra ny fandaharana. Maro ireo Poetry niantsa ny tononkalony tao, izay raha atambatra dia mahatratra tononkalo miisa 70 mahery no niarahan'ny rehetra nandritra ny adiny telo sy sasany. Tsy nahamonamona, tsy nankaleo, tsy nampatory fa hain'izy mirahavavy tsara ny nandrindra izany. Maro ireo Mpandray anjara avy eto Madagasikara, maro koa ireo avy ao Frantsa, ny avy any Suisse, ny any any Londres (Angleterre), ny avy any Etazonia, ny ny sisa. Tamin'ny fizarana fahadimy farany izay nosokajana ho fisokafana ho an'ny rehetra dia saika tsy nety nianonana intsony. Tahaka ny oram-pahavatra, andrasan-ko ritra, vao mainka nanavandra. Tena hoe nalai-nisaraka. Dia nitsiry sahadry ny soso-kevitra taorian'izay fa tsy hiandry ny taon-ko avy fa mety ho isam-bolana izy ity. Ho hita eo ny fanatanterahana.

• FIFIDIANANA EO ANIVON'NY HAVATSA-UPEM

Ny alahady 14 avrily 2024 izao no hanatanterahana ny fifidianana izay ho filohan'ny Havatsa-UPEM manontolo mandritra ny 3 taona ho avy indray. Ny Sampana velona rehetra ao anatin'ny Havatsa-UPEM moa, na ny eto Madagasikara na ny any am-pitandranomasina dia handray anjara mialohan'io andron'ny 14 avrily io avokoa ary handefia mialoha ny voka-pividianana tsy azo sokafana raha tsy amin'io andro io, fa an'ny foibe sy izay mpikambana tonga manatrika kosa dia fandatsaham-bato mivantana ny amin'io andro io. Rehefa voafidy ny Filoha, izay fifidianana tarihin'ny zokiolona indrindra sy ny zandriolona indrindra ao amin'ny fikambananana dia roso amin'ny fifidianana ireo Biro foibe avy hatrany.



#Paré

Orange dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny
alalan'ireo **maison digitale 40** manerana ny Nosy.
Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny
fahaleovan-tena ara-bola.